Raha hanana fiantraikany betsaka eo amin'ny famokarana amin'ny taona 2002 ny fampiasam-bolan'ny tsy miankina tato anatin'ny taona vitsivitsy, ny fampiasam-bolam-panjakana koa dia hanosika ny fitombon'ny harikarena amin'ny alalan'ny fanatanterahana ireo fandaharanasa goavana toy ny FID, ny Fandaharanasa amin'ny Sehatra Fitaterana, ireo Fandaharanasa fanarenana sy fanaovan-dàlana.

Hahatratra 33.586 lavitrisa iraimbilanja malagasy ny harikarena faobe, izany hoe 5.291 tapitrisa dôlara amerikana eo ho eo, amin'ny taona 2002.

Hotohizana ny pôlitika ara-bola hentitra mba hamehezana ny fisondrotry ny vidimpiaianana izay kendrena tsy hohoatra ny 5% amin'ny taona 2002.

#### *Vinavina eo amin'ny toe-danjam-pifananakalozana ivelany*

Hitarika fihatsarana eo amin'ny fivoaran'ny toe-danjam-pifananakalozana ivelany ny vidin'ny lavanila sy ny jirofo ary izay mety ho fihenan'ny vidin'ny solika.

### Ny tanjona eo amin'ny fitantanam-bolam-panjakana

Vinavinaina ho 12%-n'ny harikarena ny tsindrin-ketra amin'ny taona 2002, izany hoe, mitombo 0,5 teboka raha ampitahaina amin'ny taona 2001. Hotohizan'ny Governemanta hatrany ny ezaka fanatsarana ny fampidiran-ketra amin'ny alalan'ny fanamafisana orina sy fampivoarana ny sampandraharaoha misahana ny hetra sy ny fadintseranana.

Mba hisian'ny fitsinjarana tsaratsara kokoa ny vokatry ny fitombon'ny harikarena, dia hampitomboan'ny Governemanta ny fandaniambolam-panjakana izay hahatratra 20,9%-n'ny harikarena faobe. Izany fiakarana izany dia mifandraika amin'ny fampitomboana bebe kokoa ny tetibola hatokana amin'ny ady amin'ny fahantrana. Mbola hotohizana amin'io taona 2002 io ireo tetikasa ampiasana ny vola azo avy amin'ny IPPTE.

Hahatratra 5,3%-n'ny harikarena faobe ny fatiantoka eo amin'ny kaontim-bolam-panjakana (eo ampandoavam-bola). Ny fanamaivanan-trosa azo avy any ivelany sy ny famatsiam-bola ivelan'ny banky ary ny vola avy amin'ny fisintahana dia banana anjara betsaka amin'ny fanentsenana ny banga, ary hihatsara ny kaontin'ny Fanjakana manoloana ny banky.

### **A/NY VOLA MIDITRA**

#### **NY HETRA :**

Mikasika ny fitantanan-ketra anatin'y, ny asa natomboka ho amin'ny fanitarana ny fototra famerana ny hetra sy ny fanatsarana ny famorian-ketra dia tohizina ao anatin'ny sehatry ny fahamarinan-toerana sy ny rariny ara-ketra.

Araka izany, ny fepetra naroso dia tsy mitondra afa-tsy ny fanaovana ho tsy maty paik'andro izay tsy mitarika fanovàna amin'ny rafitra ara-ketra na famoronana hetra vaovao.

Toy izao ary izany :

- fihazonana sy fanamafisana ny fepetra fanohanana ny seha-pamokarana voalohany sy ny sehatra ara-pahasalamana ;
- fanaovana ho tsy maty paik'andro ny Fehezan-dalàna Ankapobe momba ny Hetra izay nanaovana fandravonana tamin'ny taona 2000 :
  - fanaovana ho mazava tsara ny fepetra ara-ketra mikasika ny fikajiana ny hetra amin'ny tombombarotry ny fikambanana (IBS) ;
  - fanoratana vaovao ny tenin-dalànan'ny Haba amin'ny Sanda Hary (TVA) mikasika ny asa afahana amin'ny haba sy ivelan'ny sehatry ny fampiharana ny haba ;
  - famerenana ny hetra-na hajia amin'ny "visa" amin'ny fahazoan-dàlana mamaky tanàna sy fitoerana fohy ho an'ny vahiny ;
  - fanasokajiana ny asa vaovao eo amin'ny tabilao amin'ny haba amin'ny asa amandraharaoha ;
  - fanitsiana ny tahan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana voriana amin'ny fitrandrahana ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany tsy voavoatra mba hamefena ny hosoka sy ny fahaverezana ara-ketra.

- fepetra mikasika ny fampandrosoana ny fampiasam-bola :
  - fanitarana ho amin'ny fiara vaventy fampiasa ny fahalalana ny amin'ny fampiasam-bola manome zo ho amin'ny fampihenan-ketra ;
  - fanamaivanana ny haba amin'ny fifanekem-piantohana natao mikasika ny fahamaizana amin'ny sehatr'asa mamokatra.

Ankoatra izany, ny fakana hetra azo ampiharina ho tombontsoan'ny vondrombahoaka dia izay voatondron'ny didy aman-dalàna manan-kery ihany. Nefa, mba ho fitsinjovana hatrany ny asan'ny Faritany Mizakatena, ankoatra ny enti-manana ara-bola mahazatra sy ny zara fidiram-bola ara-ketra omena ao anatin'ny sehatry ny fihaonambe iraisam-paritany, ny vokatry ny TST, ny Hетra Tambatra, ny Vinety amin'ny fiarakodia sy ny hetra amin'ny lalaon'ny kisendrasendra dia efa omena sahady ho eo am-pelantanany. Noho izany, dia anjaran'ny Faritany Mizakatena ny miantoka ny fitsinjarana izany amin'ny tetibolan'ny vondrona ao aminy tsirairay, ao anatin'ny fanajana ny foto-kevitra mampiseho fa ny hetra iray dia mifanandrify amin'ny fetram-pitsinjaram-pahefana iray.

Ivelan'izany, ny asa fampahafantarana, fanabeazana sy serasera izay efa natao niaraka tamin'ny fiaraha-miasan'ny manampahefana akaiky ankilany, ary miaraka amin'ny fiaraha-mientan'ny sehatra tsy miankina amin'ny fanjakana andaniny, dia hamafisina mba hiantohana bebe kokoa ny fampidirana ho amin'ny ara-dalàna ny sehatr'asa madinika tsy mandoa hetra.

## **FADINTSERANANA :**

### **1.- Momba ny Tarifan'ny Fadintseranana :**

Araka ny andininy faha 3 sy faha-16 ao amin'ny Fifanarahana Iraisam-pirenena momba ny « Système Harmonisé de Désignation et de Codification des Marchandises », andaniny sy araka ny Fanapahana noraisin'ny Filankevity ny Fiaraha-miasa mikasika ny Fadintseranana tamin'ny faha-25 jona 1999, ankilany, dia tsy maintsy nampidirina ao amin'ny Tarifan'ny Fadintseranana ny fanitsiana faha-3 natao momba ny «Nomenclature du Système Harmonisé» izay hanan-kery manomboka ny voalohan'ny volana january 2002.

Noho izany, ny Tarifa narafitra araka ny « Système Harmonisé - version 1996 » dia novàna amin'izay mikasika ny « Nomenclature et le libellé des Positions et/ou Sous-positions» ary nosolooin'ny Tarifa izay narafitra araka ny « Système Harmonisé - version 2002 ». Ambonin'izany, ny « lettres-clés de la codification » izay heverina fa mety ho sakana amin'ny fampiasana any aoriana ny « Version PLUS-PLUS de SYDONIA » dia nofoanana. Mba hahazoana antoka ny fahamarinan-toerana kosa, ny famaritana nasionaly mikasika ny fanondroana ireo entana sy ireo tahan'ny hetra sy ny haba narafitra teo aloha dia notanana.

Ankoatr'izay, ao anatin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bola ho an'ny taona 2002, dia nampidirina ao amin'io tarifa vaovao io koa ny fanovàna ny fatran'ny hetra momba ny solika, izany dia voalazan'ny Didim-panjakana laharana faha-2001-844 tamin'ny faha 24 septambra 2001 (Essence tourisme : 1155 fmg/litatra, Essence super : 1960 fmg/litatra, Gasoil : 215 fmg/litatra).

## 2.- Momba ny Fehezan-dalànan'ny Fadintseranana :

Ny zava-misy eo amin'ny fanatontoloana sy ny fanalalahana ny fifanakalozana dia mitarika an'i Madagasikara hiditra amin'ny fifanarahana iraisam-pirenena sasantsasany izay mikendry indrindra ny hanamorana sy hanatsorana ny fombafomba ara-dalàna momba ny fadintseranana sy ny fankatoavana ny fepetra vaovao eo amin'ny famaritana ny sanda eo amin'ny fadintseranana, izay fototry ny famerana ny haba sy ny hetra amin'ny entam-barotra.

Ho setrin'izany, izay toe-javatra izay dia mitarika ny fanamafisana ny fepetran'ny fisavana sy ny fizahana eo amin'ny faritry ny fadintseranana.

Noho izany, ny fandrafetana ara-toetr'andro sy ny fanamboarana ny lalànan'ny Fadintseranana hifanaraka amin'ireo zava-misy vaovao ireo dia mitarika ny fanovàna ny andininy vitsivitsy amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana voalaza manaraka ireto.

Ny andininy faha 32 no mameatra ny faritra iasan'ny biraon'ny fadintseranana. Mba hanatsarana ny fanaraha-maso ny fivezivezen'ny olona sy ny entana ary ny fitaovam-pitaterana dia nilaina ny fanitarana ny faritry ny fadintseranana ao amin'ny andininy faha 32.

Novàna ny fepetra voalazan'ny andininy faha-41 andalana faha-2 mba hahazoana antoka ny fanaraha-maso ara-padintseranana ny entana hialana amin'ny fisintonana sy fanoloana ny entam-barotra mampiahiahay.

Novàna ny fepetra voalazan'ny andininy faha-106 mba ahafahana mampitombina tsara ny fikajiana ny haba sy ny hetra izay nidifiana tamin'ny tsy fanatanterahana ny andraikitra nekena voarakitra ao anatin'ny « acquit-à-caution ».

Nampiana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-146 tamin'ny fampihantonana ny fepetra fandraràna eo amin'ny lafiny fampidirana miserana amin'ny satan'ny fadintseranana.

Noho ny maha zava-dehibe ny trosa tokony aloa amin'ny Fanjakana, ny fanomezana na fivarotana ny entam-barotra tsy mbola nandoavana haba sy hetra dia ila ina ny fanomezan-dalana mialoha avy amin'ny sampan-draharaha misahana ny Fadintseranana. Izany no antony namoronana lohateny vaovao faha-VII fanampiny ary andininy faha-169 fanampiny.

Misy fanampim-panazavana natao mikasika ny fangatahana sy ny hetsika eo anoloan'ny Fitsarana izay voalazan'ny andininy faha-221 indrindra ny andalana voalohany.

Mikasika ny andininy faha-223, mba hahamora ny raharaha, dia tsara raha tondroina ho mahefa ny Tribonaly mitoetra eo amin'izay misy ny biraon'ny Fadintseranana mpanenjika.

Mba hisian'ny fomba fiasa mahomby, ireo fepetra ara-panjakana volazan'ny andininy faha-239 ho fiantohana ny fandoavana ny hetra sy ny haba nidifiana na nanaovana hosoka sy ny lamandy, dia ampiharina tsy misy hataka andro, tsy miandry ny fe-potoana 8 andro voalazan'ny lalàna velona .

Ankoatr'izay ary noho io antony io ny teny hoe "sazy" dia nofoanana.

Manarak'izany, mba hanakatonana ny toerana, ny Sampandrahaharan'ny Fadintseranana dia afaka mametraka vifotsy, na mampiasa fomba hafa.

Farany, ny fepetra voalazan'ny andininy faha-295 dia novàna, noho ny fahitana olana

maro, eo amin'ny lafiny famaritana ny vidin'ny entana manaraka ny sanda eo amin'ny tsena anaty ; izany no nilàna ny fijerena ny zava-misy eo am-pelatanana toy ny vidin'entana aorian'ny fandoavana ny fadintseranana na izay voalazan'ny antontan'isa.

## ***B/NY FANDANIANA***

Eo amin'ny lafiny fandaniana, dia tanjona telo lehibe no kinendrin'ny Tetibola 2002:

- fanohizana ny fanamafisana ny ezaka ho enti-manatsara ny fitantanana ny volam-panjakana izay midika :
  - fanefana ny tongoan-trosa tsy voaloa amin'ny rano, jiro, telefaonina eo anivon'ny Fanjakana, ary fametrahana fombam-pitantanana sy fandaniana voafetra araka ny vola azo ampiasaina;
  - fanohizana ireo fepetra fanatevenana ny fahafahana manara-maso sy misafo ireo rantsana sy andrim-panjakana miandraikitra izany (Fanaraha-maso ny Fandaniana Voaraikitra, Fisafoan-drahahaha Ankapoben'ny Fanjakana, Vaomiera momba ny Tsenan-drahahaha ary ny Ratsam-pitsarana momba ny Kaonty) ;
  - ezaka fanolorana, ao anatin'ny fe-potoana mifanakaiky hatrany ny Lalàna fandravonana, ny fitantanana ny volam-panjakana, mba hampahomby sy hahatanteraka ny fanaraha-maso hataon'ny Parlemanta eo amin'ny fanatanterahana ireo Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.
- fanamafisana ny ady atao amin'ny fahantrana amin'ny fanomezana loharanom-bola fanampiny amin'ny alalàn'ny Hetsika ho an'ny Tany Mahantra vesaran'ny Trosa (IPPTÉ) ho an'ny Fandaharanasa fampandehanan-drahahaha sy Vinavinan'asa fampiasam-bola izay manana laharam-pahamehana sady azo fantarina no azo arahi-maso ary azo refesina amin'ny tondro, ka manana fiantraikany mivantana amin'ny ady atao amin'ny fahantrana toy ny fampianarana, fahasalamana sy Fotodrafirasa eny Ambanivohitra . Ireo loharanom-bola ireo dia hahatratra eo ho eo amin'ny 318,3 lavitrisa iraimbilanja malagasy amin'ny taona 2002 ;
- fanamafisana ny fizakan-tenan'ny Faritany amin'ny fanatanterahana ny Fikaonan-doha Iraisam-paritany amin'ny taona 2002, izay mikendry indrindra ny fanaovana fifanarahana momba ny famindram-pahefana sy loharanom-bola mifanandrify amin'izany, eo an-daniny, ary ny fanamafisana ny ho enti-manana ara - tetibola sy ara-bola tohanan'ny fametrahana fizotra vaovao mankany any amin'ny Faritany Mizakatena , eo an-kilany.

## **NY FANDANIANA AMIN'NY KARAMA**

Hitombo eo amin'ny 15,9 % eo ho eo ny vola ankapobe natokana ho entina handoavana ny vata-karama amin'ny taona 2002 izay mitetina 1548,9 lavitrisa iraimbilanja malagasy raha 1336,6 lavitrisa iraimbilanja malagasy teo aloha. Izany fitomboana izany indrindra indrindra dia vokatry ny fanatevenana ireo mpiasa takian'ny fanatanterahana ny politika fampihenana ny fahantrana eo amin'ny sehatra manana laharam - pahamehana toy ny fampianarana, ny fahasalamana ary ny fandriam-pahalemana an-daniny, ary koa ny fitomboan'ny karama izay tombanana ho 8,5 %, mba hifanitsy amin'ny vidim-piaianana an-kilany, ary farany, ny fanarenan-javatra ateraky ny fanamarinan-toerana eo amin'ny isan'ny Zandarmaria Nasionaly, vokatry ny fanisana farany, ary koa fandoavana ny latsakemboka anjaran'ny Fanjakana eo

amin'ny tahiry CPR sy CRCM izay tafakatra ho 80 lavitrisa iraimbilanja malagasy.

Marihina amin'izany fa ireo fanarenan-javatra ireo dia haharitra roa taom-pampiharana tetibola, ka ny 18 lavitrisa iraimbilanja malagasy hatokana ho an'ny Zandarmaria ary ny 80 lavitrisa iraimbilanja malagasy kosa handoavana ny anjara latsakemboka tokony haloan'ny Fanjakana. Mitetina 28,1 lavitrisa iraimbilanja malagasy, mitovitovy tamin'ny taona 2001, ny valim-pankasitrahana omena ireo Minisitera santatra.

Farany, marihina ihany koa fa ny ampahany betsaka eo amin'ny Loharanombola avy amin'ny Hetsika ho an'ny Tany Mahantra vesaran'ny Trosa (IPPTE) dia mbola handoavana ny karaman'ny mpiasa noraisina tamin'ny taona 2001, ao amin'ny fampianarana sy ny fahasalamana.

### **NY FANDANIANA EO AMIN'NY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA MIALA KARAMA**

Hitombo 10% amin'ny taona 2002, ny vola hatokana ho an'ny fandaniana amin'ny fampandehanan-draharaha ialan'ny karama, raha 911,7 lavitrisa iraimbilanja malagasy izany tamin'ny taona 2001, dia heverina ho 1002,9 lavitrisa iraimbilanja malagasy amin'ny taona 2002.

Kendrena amin'izany indrindra, arakaraka ny fahafahana ara-tetibola, ny fitsinjarana tsaratsara kokoa ny enti-manan'ireo sampandraharaoha mandany ny vola eo amin'ny tambin-karama sy ny kojakoja ary ny famindram-bola, ahafahana manatanteraka ny fandaharana ny tetibola mifanandrify amin'ny zavatra ilaina, manaja tanteraka ny rafitra ankapoben'ny fandaniana ary koa fampihenana ny fangatahana hanao famindram-bola eo am-panatanterahana ny tetibola.

#### **Ny Tambin-karama**

Io fitsinjarana lehibe eo amin'ny fandaniana amin'ny fampandehanan-draharaha io dia atokana indrindra hanefana ny tambin-karama isan-karazany eo anivon'ny Andrim-panjakana sy ny karaman'ireo mpiasam-panjakana tsy raikitra.

Mitetina 126,05 lavitrisa iraimbilanja malagasy izany ao amin'ny Tetibola 2002. Noho izany, nojerana manokana ny fampidirana mpiasa misahana ny fanapariahana ny teknikam-pambolena fototra (AVB) ho an'ny Ministeran'ny Fambolena, mba hanampy ireo tantsaha any amin'ny toerana tsy mbola nahazo tantsoroka avy amin'ny sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana (700.000.000 iraimbilanja malagasy)

#### **Ny kojakoja**

Vinavinaina ho 582,5 lavitrisa iraimbilanja malagasy ny fandaniana natokana ho an'ny kojakoja amin'ny taona 2002, raha toa ka 529,5 lavitrisa iraimbilanja malagasy izany tamin'ny taona 2001, izany hoe nisy fitomboana 10%.

#### **Ny famindram-bola**

Mahatratra 420,42 lavitrisa iraimbilanja malagasy izany amin'ny taona 2002, raha toa ka 382,2 lavitrisa iraimbilanja malagasy tamin'ny taona 2001, izany hoe misy fitomboana 10% ihany koa. Izany famindram-bola izany dia natokana indrindra ho an' ny kaominina izay mitetina 124 lavitrisa iraimbilanja malagasy (mpitantsoratra eo amin'ny sora-piankohonana, famindram-bola, Toeram-pitsaboana fototra (CSB) ary Sekoly Fanabeazana Fototra (EPP)), ho an'ny Antokon-draharaham-panjakana eto an-toerana (102,3 lavitrisa iraimbilanja malagasy) ary 76,8 lavitrisa iraimbilanja malagasy ho an'ny Faritany Mizakatena iatrehana ny fanampiana ara-bola amin'ny fampandehanan-draharaha (70,8 lavitrisa iraimbilanja malagasy), ary koa vinavinam-pandaniana ho an'ny Fikaonan-doha Iraisam-paritany (6 lavitrisa iraimbilanja malagasy).

### **FANDANIANA AVY AMIN'NY LOHARANOM-BOLA EO AMIN'NY HETSIKA HO AN'NY TANY MAHANTRA VESARAN'NY TROSA (IPPTE)**

Ampatsiahivina fa tamin'ny volana desambra 2000, raha nahafeno ny fepetra takian'ny fanapahan-kevity ny IPPTE i Madagasikara, dia nahazo fampihenan-trossa 50%, nanjary tombony eo amin'ny 50.000.000 dôlara isan-taona na 325 lavitrisa iraimbilanjamalagasy isan-taona, nanomboka tamin'ny taona 2001. Didim-panjakana roa no navoaka, ny voalohany mitondra ny laharana faha-2001-667 tamin'ny faha-30 jolay 2001, ary ny faharoa mitondra ny laharana faha-2001-754 tamin'ny faha-29 aogositra 2001, manome alàlana ny fampiasana ny loharanom-bola fanampiny ho an'ny fandaharanasa sy ny tetikasa manana fiantraikany mivantana eo amin'ny ady ho fampihenana ny fahantrana.

Amin'ny taona 2002 dia hahatratra eo ho eo amin'ny 318,3 lavitrisa iraimbilanja malagasy ny vola fanampiny avy amin'ny IPPTE, izay tsinjaraina amin'ny asa iadiana amin'ny fahantrana, isan'izany ny fikojakojana ny lalana sy ny lalan-kely eny ambanivohitra, ny fanitarana sy fanamboarana efitrano fianarana, ny fanatevenana ny toeram-pisakafoanana antsekoly, ny fampandehanana ireo sekoly vaovao, ny fanohana ny fampianarana alohan'ny fanabeazana fototra ary ny fanatevenana ny mpiasa sy ny fitaovana anivon'ny toeram-pitsaboana fototra eny ambanivohitra, ny ady atao amin'ny SIDA, ny famongorana ny habokana....

Mba ahafahana manatanteraka ny fanaraha-maso sy ny fizohiana , ara-batana sy arabolá, eo amin'ny fampiasana ireo loharanom-bola ireo, dia nanokafana sorabola manokana na ao amin'ny Tetibola holanian'ny Antenimiera, na anaty Tetibola Fanatanterahana.

### **NY FANARENANA MIKASIKA NY DIDIM-PANJAKANA MANOKATRA SORA-BOLA sy/na VOLA MIDITRA**

Ho fampiharana izay voalazan'ny andininy faha-46 ao amin'ny Lalàna fehizoro laharana faha-63-015 tamin'ny faha-15 jolay 1963 mameatra ny fepetra ankabobeny momba ny fitantanam-bolam- panjakana izay manome alàlana, noho ny fahamehana, dia namoaka didim-panjakana efatra manokatra sora-bola sy/na vola miditra mifanaraka amin'izany ny Governemanta teo am-pivorian'ny Ministra ; izany dia tsy maintsy harenina ao amin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana akaiky indrindra

Ireto avy ireo didim-panjakana ireo :

- Didim-panjakana laharana faha 2001-667 tamin'ny faha-30 jolay 2001 mamarona sy manokatra soratra ara-tetibola vaovao anatin'ny tetibolam-panjakana ankapobeny ho an'ny 2001 momba ny fampiasana loharanom-bola avy amin'ny Hetsika ho an'ny Tany Mahantra vesaran'ny Trosa ;

- Didim-panjakana laharana faha 2001-754 tamin'ny faha-29 aogositra 2001, mamenyo sy manova ny fepetra sasantsasany ao amin'ny tovana voalohan'ny didim-panjakana laharana faha-2001-667 tamin'ny faha-30 jolay 2001 voalaza eo aloha, mamarona sy manokatra soratra ara-tetibola vaovao anatin'ny tetibolam-panjakana ankapobe 2001, momba ny fampiasana loharanom-bola avy amin'ny Hetsika ho an'ny Tany Mahantra vesaran'ny Trosa ;

- Didim-panjakana laharana faha 2001-686 tamin'ny faha-30 jolay 2001, mikasika ny fanomezana vola fanampiny mitetina 100 lavitrisa iraimbilanja malagasy ao amin'ny soratra ara-tetibola : 4 - 00 - 05 - 0 - 000 -1 antsoina hoe "Fanohana eo amin'ny vidin'ny solika sasantsasany", anatin'ny Tetibolam-panjakana ankapobe taona 2001 ;

- Didim-panjakana laharana faha-2001-844 tamin'ny faha-24 septambra 2001, manova ny tahan'ny haba alaina amin'ny solika (essence tourisme, essence super et gas oil), voafetran'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana taona 2001.

Tsy afaka nanaovana Lalàna Fanitsiana ny Tetibolam-panjakana, noho ny fahamehana eo amin'ny fanatanterahana haingana ny asa iadiana amin'ny fahantrana manoloana ny maha-antomotra ny fotoam-pahavaratra, sy noho ny fe-potoana fohy dia fohy fanatanterahana ny tetibola manoloana ny famaranana ny fiandraiketana ny fandaliana, ary farany, mba hahatratrarana ny zava-kendrena eo amin'ny vola miditra araka ny fandaharanasa mikasika ny Fanamoràna ny Fampihenana ny Fahantrana sy ny Fitomboana .

## **NY FANDAHARANASAN'NY FAMPIASAM-BOLAM-PANJAKANA**

Ny politika mikasika ny FFBP mandritra ny fe-potoana 2002 - 2004 dia mifantoka hatrany amin'ny sori-dalana ankapoben'ny politika ara-toekarena sy ara-tsosialy ampiharin'ny Fitondram-panjakana izay mametraka ny ady amin'ny fahantrana ho tanjona lehibe indrindra.

Isan'ny kendrena amin'izany koa ny fitombon'ny toekarena maharitra amin'ny alàlan'ny fametrahana ireo fotodrafitsara lehibe sy ny fametrahana tontolo iainana afahana mampivelatra ny sehatra tsy miankina.

Ny tetibola ankapoben'ny FFBP izay nitetina 2 990 lavitrisa iraimbilanja malagasy tamin'ny taona 2001 dia lasa 3 598,5 lavitrisa iraimbilanja malagasy amin'ny taona 2002, izany hoe nisy fitombony 608,5 lavitrisa iraimbilanja malagasy (20,35 %).

Raha miaraka amin'ny famatsiam-bola « Initiative pour les Pays Pauvres Très Endettés » (IPPT) izay mahatratra 131,3 lavitrisa iraimbilanja malagasy ho an'ny tetibolan'ny Fampiasam-bolam-panjakana io tetibola io, dia lasa 3 729,8 lavitrisa iraimbilanja malagasy.

Antony mahatonga izany ny fisian'ireo tetikasa sasantsasany ka efa lasa lavitra ny fanatanterahana ary mitaky famatsiana ara-bola goavana, singanina amin'izany ny Tetikasa ho an'ny fahasalamana (CRESAN), ho an'ny fampianarana (CRESED), ho an'ny fikojakojàna ny lalana (PNER), ho an'ny fitaterana (PST), ho an'ny tontolo iainana PE II .

Ankoatra izany dia misy ihany koa ireo tetikasa vaovao izay mitaky famatsiana ara-bola

betsaka na dia eo am-piandohana aza, toy ny FID IV, ny Fandaharanasa ho Fampandrosoana ny any Ambanivohitra (PSDR).

Raha toa ka tamin'ny taona 2001, ny famatsiam-bola ivelany dia tsy nahatratra afa-tsy 1.815 lavitrisa iraimbilanja malagasy, ny taona 2002 kosa dia lasa 2.305 lavitrisa iraimbilanja malagasy izany. Torak'izany koa ny famatsiam-bola anatiny izay 1.175 lavitrisa iraimbilanja malagasy, ary lasa 1.293,5 lavitrisa iraimbilanja malagasy ny taona 2002 ankoatra ny famatsiam-bola IPPTE.

Ny famatsiam-bola eto an-toerana dia natokana handoavana ny anjaran'ny Fitondrampanjakana amin'ny famatsiam-bola ny tetikasa izay mahatratra eo amin'ny 80 % eo ho eo ary ahitana ny fandoavan-ketra (TVA) sy ny fadintseranana (DTI) mikasika ireo tetikasa.

### **FITSINJARANA ISAN-TSEHATRA NY FFBP 2002**

Ny fandaharanasa isan-tsehatra izay efa nampiharina hatramin'izao dia hotohizana hatrany ary ny fironana ankapoben'ny fitsinjarana ny FFBP izay hita nandritra ny taona vitsy lasa dia notazonina.

Ny laharam-pahamehana dia miompana indrindra amin'ny sehatra «Fotodrafitsara lehibe sy Sosialy». Na izany aza, dia ahitana fitomboana azo tsapain-tanana koa ny famatsiana ara-bola ny sehatra hafa.

Ny famatsiam-bola IPPTE dia nosoratana eo amin'ny sehatra «Fandraharahana ankapobeny » ka izany no mampiakatra be ny vola amin'io sehatra io izay 15,61 % amin'ny taona 2002 raha 12,3 % tamin'ny taona 2001, io famatsiam-bola io anefa dia mbola ho tsinjaraina indrindra indrindra amin'ny sehatra « Sosialy » sy « Fotodrafitsara lehibe ».

Ny tabilao manaraka eto dia mampiseho ny fizotran'ny fitsinjarana isan-tsehatra ny FFBP eo anelanelan'ny taona 2001 - 2002.

	<b>2 0 0 1</b>	<b>2 0 0 2</b>
-Fotodrafitsara lehibe .....	42,6 %	38,12 %
-Sosialy .....	29,7 %	29,97 %
- Fanohanana ny asam-pamokarana .....	15,3 %	16,29 %
- Fandraharahana an-kapobeny .....	12,3 %	15,61 %
<b>FITAMBARANY .....</b>	<b>100 %</b>	<b>100 %</b>

Toy izao ny zava-misy isan-tsehatra tsy mbola misy ny famatsiam-bola IPPTE :

## **FOTODRAFIR'ASA LEHIBE**

Mitana ny lohalaharana hatrany io sehatra io noho ny asa mifandraika aminy lafo vidy.

Nitombo 147,9 lavitrisa iraimbilanja malagasy ny mari-bola natokana ho an'io sehatra io amin'ny taona 2002 (1 421,9 lavitrisa iraimbilanja malagasy amin'ny taona 2002 raha 1 274 lavitrisa iraimbilanja malagasy tamin'ny taona 2001).

Singanina ho lehibe amin'ny fandaharanasa/tetikasa ao anatin'io, ireto sehatra manaraka ireto : Fandaharanasa mikasika ny Fitaterana (PST), Fandaharanasa ho an'ny Fikojakojàna ny Lâlana (PNER), Tetikasa mikasika ny Herin'aratra II (Energie II), Fandaharanasa ho Fanatsarana ny Rano Fisotro eny Ambanivohitra (PAEPAR), Tetikasa AGETIP ...

## **SEHATRA SOSIALY**

Araka ny fitsinjarana isan-tsehatra voalaza n'ny tabilao etsy ambony, ny sehatra sosialy dia nahatratra 29,97 %-n'ny famatsiam-bola ny FFBP. Ny tetibola taona 2002 dia hitombo 229,2 lavitrisa iraimbilanja malagasy raha oharina tamin'ny taona 2001 (1.117,9 lavitrisa iraimbilanja malagasy ny taona 2002 raha 888,7 lavitrisa iraimbilanjama<sup>la</sup>gasy ny taona 2001).

Ny asa tanterahina ao anatin'io sehatra io dia voarindra ao anatin'ny Fandaharanasa Isantsehatra toy ny : Fandaharanasa ho Fanatsarana ny Fampianarana (PNAE II) , Rafitra Fototra momba ny Fahasalamana (Plan Directeur Santé), Fandaharanasa momba ny Mponina (PNP) ho an'ireo asa sosialy entina mitsinjo ny sokajin'olona maforefo.

## **FANOCHANANA NY ASAM-PAMOKARANA**

Nisy fitomboana ny tetibola natokana ho an'ny sehatra fanohanana ny asam-pamokarana, raha oharina tamin'ny taona 2001 : lasa 607,6 lavitrisa iraimbilanja malagasy raha toa ka 458,8 lavitrisa iraimbilanja malagasy tamin'ny taona 2001 izany hoe nisy fitomboana 148,8 lavitrisa iraimbilanja malagasy. Izany dia noho ny habetsaky ny famatsiana ara-bola ireo Tetikasa Fampiroboroboana ny eny Ambanivohitra (PSDR), Tetikasa Fanajariana ny lemak'i Mandrare (Mise en valeur du Haut Bassin du Mandrare), Tetikasa Fanatsarana sy Fampiroboroboana ny Fambolena any Avaratra Atsinanana (Projet d'Amélioration et de Développement Agricole Nord-Est (PADANE), Tetikasa Fanarenana ny Faritr'i Mangoky (Réhabilitation du Périmètre de Bas Mangoky), Fandaharanasa mikasika ny Tontolo Iainana (Programme Environemental II - PE II) ».

## **SEHATRA FANDRAHARAHANA ANKAPOBENY**

Ao amin'ny sehatra Fandrahahana ankapobeny, ny asa izay hatao ao anatin'ny FFBP 2002 dia mifandraika indrindra amin'ireo tetikasa fanohanana ny Ministera isan-tokony, indrindra fa ireo sampana mpanara-maso mba hanatsarana ny fitantanana ara-toekarena sy ara-bola amin'ny ankapobeny.

Manana ny toerany lehibe ao amin'io sehatra io ny filaminam-bahoaka.

Eo amin'ny lafiny fanapariham-pahefana dia nasiana tsindrim-peo manokana ny

fanamafisana ny fampandraisana anjara ireo olona voakasika mivantana eo amin'ny famolavolana, ny fitantanana ny fandaharanasa/tetikasa ary na dia amin'ny famatsiam-bola aza amin'ny alalan'ny fandraisana anjaran'ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana. Ireo sampan-draharaham-paritany miankina amin'ny Ministera samihafa koa dia hahazo fanohanana.

Ny vola famatsiana ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana dia mbola voasoratra amin'ny FFBP 2002 mba hanaovana ny tetikasa ilain'ny isam-paritra.

### ***C- TROSAM-PANJAKANA***

#### **Trosa ivelany**

Noho ny nahatafiditra an'i Madagasikara ho isan'ireo firenena manana anjara amin'ny IPPTE ny volana desambra 2000, dia hitohy ireo fanampiana avy amin'ireo mpampindram-bola ivelany amin'ny taona 2000. Mitontaly 318 lavitrisa iraimbilanja malagasy izany fanampiana IPPTE izany.

Etsy an-danin'izany, vokatry ny fifanarahana momba ny fanalefahana sy fanemorana ny fandoavana ny trosa ivelany teo amin'ny Governemanta malagasy sy ny mpampindram-bola mpikambana ao amin'ny Club de Paris ny volana marsa 2001 (Club de Paris 9) dia hiampy 339 lavitrisa iraimbilanja malagasy ireo fanalefahan-trosa voalaza etsy ambony amin'ny taona 2002.

Hitetina 363,5 lavitrisa iraimbilanja ny trosa ivelany tokony hoefaina amin'ny taona 2002 izay mitsinjara toy izao : 221,7 lavitrisa iraimbilanja malagasy hamerenana ny renivola nindramina ary 141,8 lavitrisa iraimbilanja malagasy handoavana zanabola.

Ilaina ny fanefana ara-potoana ny trosa ivelany mba hahazoana ireo fanalefahan-trosa andrasana avy amin'ireo mpampindram-bola isan-tsokajiny rehefa tratra ny « Point d'achèvement IPPTE ».

#### **Trosa anatiny**

### ***D- NY KAONTY MANOKANA TANTANAN'NY TAHIRIMBOLAM-PANJAKANA***

Raha oharina amin'ny tetibola 2001 dia hisy fatiantoka 80 lavitrisa iraimbilanja malagasy ny kaontim-barotra satria tsy ho feno tanteraka ny latsakemboky ny mpampiasa izay harotsaka ao amin'ny Tahiry fisotroan-dronono. Ankoatr'izany dia hisy fihenana koa ny vola aloan'ny Fanjakana amin'ny renivolani'reo Fikambanana Iraisam-pirenena.

### ***E- NY VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY***

Ny vola ateraky ny fanomezana sy ny fanampiana avy any ivelany (FCV) araka ny fifanarahana misy dia voavinavina ho 77 lavitrisa iraimbilanja malagasy. Ny fandaniana ho

amin'ny fampandehanan-draharaha kosa dia noheverina hahatratra 3,2 lavitrisa iraimbilanja malagasy.

#### **F- NY FAMATSIANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA**

Ny mampiavaka ny famatsiana ho renivola ny trosam-panjakana amin'ny Tetibola 2002 dia ny fandraisana ho isan'ny vola miditra ny fanalefahan-trosa azo avy amin'ny IPPTE. Io fanampiana io izay nanomboka azon'i Madagasikara tamin'ny taona 2001 dia mbola hitohy ny taona 2002 ka hitetina 318 lavitrisa iraimbilanja malagasy ary hampiasaina indrindra amin'ny ady amin'ny fahantrana.

#### **G-/FIZAKAN-TENAN'NY FARITANY SY NY FANAPARIAHAM-PAHEFANA**

Raha natokana tamin'ny fananganana ny Antenimierandoholona sy ny rafitry ny Faritany Mizakatena ny taona 2001, ny taona 2002 kosa dia heverina hanamafisana ny dingana efa vita mikasika ny:

- fanohizana ny fizotry ny fanapariaham-pahefana,
- ady amin'ny fahantrana,
- fametrahana ny fahefana sy ny asam-panjakana manakaiky vahoaka,
- fampiroboroboana ny asa fampandrosoana ifanakonana.

Mba ho fanatanterahana izany ary eo am-piandrasana ny torohevitra avy ao amin'ny Fikaonan-doha Iraisam-paritany ary ny fepetra vaovaon'ny Lalàna fehizoro mikasika ny Volam-panjakana voalazan'ny andininy faha-82.3.III ao amin'ny Lalàmpanorenana, ny fanampiana arabolana avy amin'ny Fanjakana mankany amin'ny Faritany Mizakatena, ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ary ny Komitim-paritra momba ny fampandrosoana, dia hotohizana ary hasiam-panondrotana.

Ny andraikitra fanohanana fanoloran-kevitra ary fanampiana sahanin'ny Ministeran'ny Tetibola sy ny Fampiroboroboana ny Faritany Mizakatena dia hotohizana hatrany ka iaraha-midinika amin'ny rafitry ny Faritany Mizakatena ny fanatanterahana azy.

Hamafisina sy ezahina hisongadina ny famindrana andraikitra izay natomboka tamin'ny famoahana ny Lalàna fehizoro laharana faha-2000-016 tamin'ny faha-29 aogositra 2000, izay mametra ny fitantanana ny raharaha anaty ao amin'ny Faritany Mizakatena sy ny Lalàna laharana faha-2000-017 tamin'ny faha-29 aogositra 2000 momba ny Delege Jeneralin'ny Governemanta eo amin'ny Faritany Mizakatena ary ny Didim-panjakana laharana faha-2001-611 tamin'ny faha-06 jolay 2001, izay mametra ny anjara asa vonjimaikan' ny Governoran' ny Faritany Mizakatena ary koa ny fandaminana sy ny fampitaovana volohany. Izany famindrana andraikitra izany dia hotanterahina ao anatin'ny fanajana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-05-n'ny Lalàna fehizoro laharana faha-2000-16 izay milaza fa "ny famindrana andraikitra dia miaraka amin'ny famindrana loharanon-karena".

Mikasika ny hetra dia homena ny Faritany Mizakatena ireo loharanom-bola natokana ho an'ny Faritany araka ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana taona 2001. Ampiana ireo hetra alaina amin'ny trano filokana izany loharanom-bola izany (andininy 10-07-03 ny CGI). Eo amin'ny fikarohana ny fanatsarana ny loharanom-bolan'ireo Faritany Mizakatena sy ny Vondromparitra dia hisy ezaka manokana hoentina manatsara ny fanangonan-ketra sy ny loharanom-bola ivelan'ny hetra. Noho izany, ny fanamafisana ny fampidirana ny loharanom-

bolan'ireo Faritany Mizakatena sy ny Vondromparitra, dia hanaovana ezaka manokana any amin'ny toeram-panandramana voafaritra mazava, mifototra amin'ny fifanekem-piaraha-miasa amin'ny Ministeran'ny Tetibola sy ny Fampiroboroboana ny Faritany Mizakatena.

Hatevenina ny fanaraha-maso, ny fisafona, ny fizohina sy ny jery lanja mba hanombanana ny fiantraikan'ny fandaniana. Araka izany, dia hotohizana ny tetikasa fanaovana tantsoroka momba ny Fanaraha-maso ny Fanaranhan-dalàna sy ny Fanaraha-maso ny Ara-tetibola sy ny Ara-bolan'ny Vondromparitra Mahefa (Projet d'Appui au Contrôle de Légalité et Contrôle Budgétaire et Financier des Collectivités Territoriales Décentralisées).

Hamafisina ireo tetikasa ho fampandrosoana ny faritra tahaka ny PDRAF/FADEL ary koa ny fampitaovana ireo kaominina mila ny fampidirana rano fisotro madio.

Izany no anton'ity Lalàna ity.

**LOI N° 2001-029  
PORTANT LOI DE FINANCES POUR 2002**

**LOI N° 2001-029  
PORTANT LOI DE FINANCES POUR 2002**

-----

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 20 novembre 2001 et du 06 décembre 2001, la Loi dont la teneur suit :

**I-DISPOSITIONS FISCALES**

Sous réserve des dispositions de la présente Loi, la perception au profit du Budget de l'Etat et ceux des collectivités territoriales, des contributions, droits et taxes fiscaux et douaniers, ainsi que des produits de revenus publics sera opérée en l'an 2002, conformément aux textes législatifs et réglementaires en vigueur.

**ARTICLE PREMIER**

Les dispositions du Code Général des Impôts sont complétées et modifiées comme suit :

**PREMIERE PARTIE**

**IMPOTS SUR LES REVENUS ET ASSIMILES**

**TITRE PREMIER**

**IMPOTS SUR LES PERSONNES MORALES**

**SOUS TITRE PREMIER**

**IMPOTS SUR LES BENEFICES DES SOCIETES (IBS)**

**CHAPITRE III**

**LE BENEFICE IMPOSABLE**

## SECTION II

### REDUCTION D'IMPOT POUR INVESTISSEMENT

#### **Article 01.01.07.-**

Dans le 1<sup>o</sup> paragraphe de cet article, après le groupe de mots « néanmoins sont admis : » ajouter un alinéa rédigé comme suit :

« les véhicules neufs désignés sous le nom de véhicule utilitaire. Le montant admis au calcul de la réduction d'impôt est limité à 75% de la valeur d'acquisition» ;

## CHAPITRE VI

### CALCUL DE L'IMPOT

#### **Article 01.01.16.-**

Les dispositions de cet article sont modifiées et rédigées comme suit :

« Pour le calcul de l'impôt, le bénéfice imposable est arrondi au millier de francs inférieur.

Le taux de l'impôt est fixé à 35 pour 100 pour la généralité des entreprises.

Le montant de l'impôt calculé selon les dispositions qui précèdent est réduit, sur justification, du montant de l'impôt sur les revenus des capitaux mobiliers (IRCM) lorsque le bénéfice imposé de la société comprend des revenus ayant donné lieu à versement de cet impôt, sans que cette opération puisse entraîner un remboursement d'impôt.

Le taux est fixé à 10% pour les organismes et associations sans but lucratif qui ne remplissent pas les conditions prévues aux paragraphes 3 et 6 de l'article 01.01.03, en ce qui concerne les revenus de la location des immeubles bâtis et non bâtis dont ils sont propriétaires.

Par dérogation aux dispositions de l'article 01.01.02 ci - avant, les sociétés par actions, les sociétés en commandite par actions, les sociétés à responsabilité limitée et les établissements à caractère industriel ou commercial, quel que soit leur résultat, sont astreints à un minimum de perception dès qu'ils existent au 1er janvier de l'année d'imposition.

Sont notamment considérées comme existant, les sociétés qui ne sont pas radiées du registre de commerce ou qui, même radiées du registre de commerce, n'ont pas encore déposé l'acte de liquidation - partage au bureau ou centre fiscal territorialement compétent.

Le montant de ce minimum est fixé à :

- 200 000 fmg, majoré de 5 pour 1000 du chiffre d'affaires de l'exercice pour les entreprises exerçant des activités agricole, artisanale, industrielle, minière, hôtelière, touristique ou de transport ;

- 800 000 fmg, majoré de 5 pour 1000 du chiffre d'affaires de l'exercice pour les autres entreprises.

En aucun cas, l'impôt calculé au titre d'un exercice des entreprises, organisations et associations passibles de l'IBS, ne peut être inférieur à ce minimum.

Cependant sont exonérées de ce minimum :

1° - les sociétés nouvelles exerçant une activité industrielle, artisanale, agricole, minière, de transport, touristique ou hôtelière pour les résultats des trois premiers exercices à compter de la date de leur constitution définitive ;

2° - les sociétés exerçant une activité autre que celles définies au paragraphe 1° ci-dessus, pour le résultat du premier exercice à compter de la date de leur constitution définitive.»

## **CHAPITRE VIII**

### **PENALITES**

#### **Article 01.01.21.-**

A la fin de cet article, créer un alinéa rédigé comme suit :

« Sans préjudice des pénalités prévues dans le présent article, le défaut de dépôt de déclaration et pièces comptables dans les délais visés à l'article 01.01.17 ci avant, est puni d'une amende fiscale de 500 000 fmg. »

## **DEUXIEME PARTIE**

### **DROIT D'ENREGISTREMENT ET DE TIMBRE**

#### **CHAPITRE VI**

##### **DROIT DE TIMBRE ET ASSIMILES**

#### **SECTION IX**

### **DROITS DE DELIVRANCE DE DOCUMENTS ET PERCEPTIONS DIVERSES**

#### **Article 02.06.66.-**

Ajouter dans la liste prévue dans cet article, les visas rédigés comme suit :

« - Visa valable pour un séjour inférieur ou égal à 3 mois ..... 150.000 Fmg  
- Visa de transit de soixante douze heures au maximum ..... 120.000 Fmg  
- Visa de transit de soixante douze heures au maximum pour tourisme de croisière 50.000 Fmg"

## CHAPITRE VII

### TAXE SUR LES VEHICULES A MOTEUR

#### **Article 02.07.01.-**

Modifier comme suit la rédaction du premier alinéa de cet article :

« Il est institué sur les véhicules automobiles, les véhicules à moteur soumis à l'obligation de l'immatriculation, ainsi que les bateaux de plaisance munis par un moteur fixe ou amovible, une taxe annuelle dont le produit sera mis à la disposition du budget de la Province Autonome. »

## CHAPITRE IX

### TAXE SUR LES CONTRATS D'ASSURANCE

#### TARIF

#### **Article 02.09.02.-**

Modifier comme suit la rédaction du 2° paragraphe de cet article :

« 2° - Pour les assurances contre l'incendie :

- 7 pour 100 pour les biens affectés à une activité industrielle, commerciale, agricole, artisanale, hôtelière, minière, touristique ou de transport ;
- 20 pour 100 pour les autres cas. »

## TROISIEME PARTIE

### IMPOTS INDIRECTS

#### TITRE I

### DROIT D'ACCISES (DA)

## CHAPITRE IV

### DISPOSITIONS DIVERSES

#### **Article 03.01.06.-**

Ajouter à la fin de cet article un alinéa rédigé comme suit :

« Tout défaut de déclaration des produits imposables, toute omission, insuffisance ou minoration dans les déclarations, sont passibles d'une amende de 50% du complément des droits ou redevances exigibles. L'amende est portée à 100% en cas de recidive».

## **QUATRIEME PARTIE**

### **DES REDEVANCES SUR LES PRODUITS**

#### **CHAPITRE V**

##### **DE LA LIQUIDATION ET DU RECOUVREMENT DES REDEVANCES**

###### **Article 04.01.16.-**

Ajouter à la fin de cet article un alinéa rédigé comme suit :

« Tout défaut de déclaration des produits imposables, toute omission, insuffisance ou minoration dans les déclarations, sont passibles d'une amende de 50% du complément des droits ou droits exigibles. »

## **CINQUIEME PARTIE**

### **DISPOSITIONS SPECIALES AUX PRODUITS**

#### **SOUMIS AU CONTROLE ADMINISTRATIF**

#### **TITRE V**

#### **PENALITES**

#### **CHAPITRE PREMIER**

##### **INFRACTIONS FISCALES SUR LA CULTURE ET LA FABRICATION DES TABACS**

###### **Article 05.05.01.-**

Ajouter à la fin du paragraphe 7° de cet article, un alinéa rédigé comme suit :

« Tout défaut de déclaration des produits imposables, toute omission, insuffisance ou minoration dans les déclarations, sont passibles d'une amende de 50% du complément des droits ou redevances exigibles. L'amende est portée à 100% en cas de recidive».

## **SIXIEME PARTIE**

### **TAXES SUR LES CHIFFRES D'AFFAIRES**

#### **TITRE PREMIER**

- 41 -  
**TAXE SUR LA VALEUR AJOUTEE**

## **CHAPITRE II**

### **CHAMP D'APPLICATION**

#### **SECTION III**

Modifier comme suit l'intitulé de la SECTION III :

#### **« PRODUITS ET OPERATIONS EXONERES OU HORS DU CHAMP D'APPLICATION DE LA TAXE »**

##### **Article 06.01.06.-**

Modifier comme suit la rédaction de cet article :

« Ne donnent pas lieu à l'application de la taxe :

1. les ventes de billets d'entrée dans les terrains de sport par les clubs d'amateurs ;
2. les écolages payés en rémunération des cours d'enseignement général, technique ou professionnel ;
3. les intérêts versés par le Trésor Public et la Caisse d'Epargne de Madagascar ;
4. les intérêts des créances, dépôts et cautionnements par les établissements bancaires ayant leur siège à Madagascar ;
5. les intérêts perçus sur les dépôts et crédits alloués aux membres des institutions financières mutualistes ;
6. les apports d'éléments d'actif faits par une personne physique ou morale à une société de droit malgache ;
7. les opérations, autres que celles de garde et de gestion , portant sur les actions, les parts de sociétés ou d'associations, les obligations et les autres titres, à l'exclusion des titres représentatifs de marchandises et des parts d'intérêts dont la possession assure en droit ou en fait l'attribution en propriété ou en jouissance d'un bien immeuble ou d'une fraction d'un bien immeuble ;
8. a- la souscription des contrats d'assurance mixte populaire auprès d'une compagnie d'assurance ayant son siège à Madagascar ;  
b-la souscription auprès d'une compagnie d'assurance ayant son siège à Madagascar de contrats d'assurance - groupe constituant un complément de retraite ou donnant droit à un capital forfaitaire en cas de décès en cours de carrière ;
9. la consommation d'eau et d'électricité :

- des collectivités publiques pour l'usage gratuit du public au moyen de bornes-fontaines, lavoirs et installations similaires, ainsi que pour l'éclairage des voies et places publiques ;

- des particuliers pour leur usage domestique jusqu'à concurrence respectivement de 10m<sup>3</sup> pour l'eau et 80 Kwh pour l'électricité ;

- des centres et formations sanitaires publics ;

- des établissements scolaires publics ;

10. les prestations fournies dans le cadre de la profession de la santé ;

11. l'importation et la vente des médicaments, des articles pharmaceutiques, des matériels à usage médical, suivant la liste en annexe (2) ;

les ventes de matières et intrants destinés à la fabrication de médicaments ainsi que des articles d'emballage exclusivement conçus pour leur vente au détail; l'importation et la vente de consommables médico- pharmaceutiques, révélateurs, fixateurs, gels échographiques à usage exclusivement médical ;

le bénéfice de l'exonération ne saurait être accordé que lorsque ces matières et intrants ont fait l'objet d'une attestation de destination établie par des fabricants de médicaments agréés et visée au préalable par les services fiscaux ;

12. l'importation et la vente de papier journal; l'importation, l'édition et la vente de journaux et périodiques, à l'exclusion des recettes provenant des insertions de publicité et d'annonces ;

13. l'importation et la vente de timbres - postes et de monnaies ayant cours légal ;

14. l'importation et la vente de livres, brochures et imprimés à caractère éducatif et scolaire ;

15. l'importation et la vente de pétroles lampants et de gaz butane ;

16. l'importation et la vente de verres correcteurs ;

17. l'importation et la vente des intrants à usage exclusivement agricole suivant la liste en annexe ;

18. la vente locale des produits alimentaires non transformés provenant de l'agriculture, de l'élevage et de la pêche utilisés principalement pour l'alimentation humaine suivant la liste ci-après :

- les viandes et abats des animaux à l'état frais, sec, réfrigéré ou congelé, salé ou en saumure ;
- les produits de la pêche et de l'élevage aquatique à l'état frais, sec, réfrigéré ou congelé, simplement haché, salé ou en saumure, étêté ;
- les œufs et le lait frais ;

- les fruits et légumes à l'état frais, sec ou réfrigéré ;
- les céréales : maïs, blé, avoine, orge, riz (en paddy, décortiqué, blanchi, en brisure).

19. les importations visées aux articles 2 à 33 de l'Arrêté n° 1945 du 17 novembre 1960 pris en application de l'article 163 du Code des Douanes ;

20. sous réserve de la réciprocité, les marchandises ou prestations qu'acquièrent ou dont bénéficient auprès d'assujettis à la taxe, les missions diplomatiques ou consulaires et leurs membres accrédités à Madagascar ayant le statut de diplomate ».

#### **Article 06.01.07.-**

Abroger les dispositions de cet article.

#### **Article 06.01.08.-**

Modifier comme suit la rédaction de cet article :

« Sont exemptés de la taxe :

- 1- la perception de salaires par tous salariés de toutes professions ;
- 2- les opérations ci-après effectuées par la Banque Centrale de Madagascar :

- les opérations d'escompte aux banques et aux établissements de crédits ou les prises en pension d'effets ;

- les opérations d'escompte aux banques et aux établissements de crédit d'effets représentatifs de prêts à moyen terme ayant pour objet le développement des moyens de production ou la construction d'immeubles ;

- les opérations d'escompte de traites et obligations cautionnées souscrites à l'ordre du Trésor malgache et ayant moins de quatre mois à courir ;

3- les opérations effectuées par les Centres des Chèques Postaux dans le cadre de leurs activités spécifiques;

4 - les opérations effectuées par la Caisse d'Epargne de Madagascar dans le cadre de ses activités spécifiques ».

## **CHAPITRE VI**

### **TAUX DE LA TAXE**

#### **Article 06.01.12.-**

Modifier comme suit le 2<sup>ème</sup> alinéa de cet article :

« Les exportations de biens et de services sont taxées au taux de 0% ».

## TITRE II

### TAXE SUR LES TRANSACTIONS (TST)

#### CHAPITRE PREMIER

##### PRINCIPE

###### **Article 06.02.01.-**

Modifier comme suit la rédaction de cet article :

« Il est institué une taxe dénommée « Taxe sur les Transactions » dont le produit est mis à la disposition du Budget de la Province Autonome».

## LIVRE II

### IMPOTS LOCAUX

#### TITRE I

##### TAXE PROFESSIONNELLE (TP)

#### CHAPITRE II

##### CHAMP D'APPLICATION

##### SECTION II

##### PERSONNES ET ACTIVITES EXONEREES

###### **Article 10.01.11.-**

Supprimer les dispositions du paragraphe 11 de cet article et les remplacer par les suivantes :

12. - ny fanafarana sy fivarotana taratasy fanaovan-gazety; ny fanafarana, ny famoahana sy ny fivarotana gazety mivoaka isan'andro na isam-potoana voafetra afa-tsy ny vola azo avy amin'ny dokam-barotra sy filazana ;

13. - ny fanafarana sy fivarotana hajiam-paositra sy vola manan-kery ara-dalàna ;

14. - ny fanafarana sy fivarotana boky, boky voazaitra sy taratasy voatonta manana endrika fanabeazana sy fianarana ;

15. - ny fanafarana sy ny fivarotana solika fandrehatra sy entona "butane" ;

16. - ny fanafarana sy fivarotana veran-tsolomaso fanitsiam-pijerena ;

17. - ny fanafarana sy ny fivarotana kojakoja ampasaina manokana amin'ny fambolena araka ny lisitra atovana ;

18. - ny fivarotana eto an-toerana ny vokatra ara-tsakafo tsy voahodina avy amin'ny fambolena, fiompirana sy jono ampasaina manokana ho amin'ny sakafon'olombelona araka izao lisitra manaraka izao :

- ny hena sy taovam-biby mbola lena, maina, nampangatsiahina na nampandriana, nasian-tsira na ranon-tsira itahirizan-kena ;
- ny vokatry ny jono sy fiompirana an-drano, lena, maina, nampangatsiahina na nampandriana, voakapakapa tsotra fotsiny, nasian-tsira na ranon-tsira itahirizan-kena, notapahin-doha ;
- ny atody sy ny ronono velona ;

- ny voankazo sy ny legioma lena, maina na nampangatsiahina ;
  - ny voa : katsaka, varim-bazaha, "avoine", "orge", vary (akotry, voatoto, fotsy na lohavary) ;
19. - ny fanafarana entana voatondron'ny andininy faha-2 ka hatramin'ny faha-33 amin'ny Didim-pitondrana laharana faha-1945 tamin'ny faha 17 novambra 1960 natao ho fampiharana ny andininy faha-163 amin'ny Fehezan-dalàna mifehy ny Fadintseranana ;
20. - ankoatra ny aterokalao, ny entana, na saikinasa azo na sitrahan'ny masoivohom-pirenana na ny mpikambana ao aminy nomem-pahefana eto Madagaskara manana ny zo maha diplômaty, any amin'ireo mpandoa haba ».

#### **Andininy 06.01.07.-**

Foanana ny fepetran'io andininy io.

#### **Andininy 06.01.08.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'io andininy io :  
« Afahana amin'ny haba :

- 1 - ny fandraisan-karaman'ny mpiasa amin'ny sokajin'asa rehetra ;
- 2 - ny raharaha manaraka ireto ka tanterahin'ny Banky Foiben'i Madagasikara :
  - fanjanahana taratasim-bola ifanaovany amin'ny banky sy ny trano fampisamboram-bola na ny fiantohana fampisamboram-bola ;
  - fanjanahana taratasim-bola ifanaovany amin'ny banky sy ny trano fampisamboram-bola ka anaovana fampisamboram-bola mandritra ny fotoana tsy dia maharitra ela, mba hampitomboana ny fitaovana enti-mamokatra, na hanorenan-trano ;
  - fanjanahana taratasim-bola sy taratasy fandoavam-bola voaantoka natao amin'ny anaran'ny Tahirim-bolam-pirenena ary tsy mihoatra ny efa-bolana ;
- 3 - ny raharaha tanterahin'ny Foiben'ny Seky Postaly ao anatin'ny asa aman-draharaoha tandrify azy manokana ;
- 4 - ny raharaha tanterahin'ny Tahiry Fampirimam-bolam-pirenena ao anatin'ny asa aman-draharaoha tandrify azy manokana".

#### **TOKO FAHA-VI**

#### **TAHAN'NY HABA**

#### **Andininy 06.01.12.-**

Ovàna toy izao ny andalana faharoa amin'io andininy io :

« Ny fanondranana entana sy saikinasa dia voan'ny haba amin'ny taha 0 isan-jato ».

#### **LOHATENY FAHA-II**

#### **HABA AMIN'NY FIFANAKALOZANA**

#### **TOKO I**

#### **FOTO-KEVITRA**

**Andininy 06.02.01.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'io andininy io :

« Foronina ny haba antsoina hoe « Haba amin'ny Fifanakalozana » ka ny vokatra avy amin'izany dia atokana ho an'ny Tetibolan'ny Faritany Mizakatena».

**BOKY FAHA-II**

**HETRAM-BONDROM-BAHOAKA**

**LOHATENY I**

**HABA AMIN'NY ASA AMAN-DRAHARAHA**

**TOKO FAHA-II**

**SEHATRA AMPIHARANA**

**SOKAJY FAHA-II**

**Olona sy asa afahana amin'ny haba**

**Andininy 10.01.11.-**

Foanana ny fepetran'ny paragirafy faha-11 amin'io andininy io ary soloina toy izao manaraka izao :

« 11° Ny orinasa ampitoviana amin'ny fikambanana voatondron'ny andininy 01.01.03, 3° manao asa an-tselika manana tanjona tsy mitady tombontsoa».

**TOKO FAHA-VI**

**FEPETRA SAMIHAFA**

**Andininy 10.01.38.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana faharoa amin'io andininy io :

« Io vola io izay misolo ny hetra amin'ny vola miditra tsy manana endrika karama dia tsy azo atao latsaky ny farafahakeliny voalazan'ny andininy 01.02.36 mihitsy».

**Andininy 10.01.40.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'io andininy io :

« Foronina ny santima fanampiny alaina amin'ny Haba amin'ny Asa Aman-draharaha ka ny taha amin'izany dia ferana ho 30 isan-jaton'ny haba reniny.  
Ireo santima fanampiny alaina amin'ny haba amin'ny asa aman-draharaha ireo dia voriana ho an'ny Faritany Mizakatena, izay afaka manapaka eo amin'ny Filankevi-paritany ny famindrana izany ho

amin'ny tetibolan'ny vondrona ao aminy».

### **LOHATENY FAHA-VI**

#### **HETRAM-PAHAZOAN-DALANA AMIN'NY ALIKAOLA SY NY VOKATRA MISY ALIKAOLA**

### **TOKO FAHA-III**

#### **FANDEFASANA NY VOKATRY NY HETRAM-PAHAZOAN-DALANA**

##### **Andininy 10.06.10.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'io andininy io :

« Ny vokatry ny hetram-pahazoan-dàlana hivarotra dia atokana ho an'ny Faritany Mizakatena izay afaka manapaka eo amin'ny Filankevi-paritany ny famindrana izany ho amin'ny tetibolan'ny vondrona ao aminy».

### **LOHATENY FAHA-VII**

#### **FITOND'RANA ARA-KETRA NY LALAO**

### **TOKO FAHA-III**

#### **FAKANA AMIN'NY VOKATRY NY LALAO**

##### **Andininy 10.07.03.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana farany amin'io andininy io :

« Ny vokatry ny fakana dia voriana ho amin'ny Tetibolan'ny Faritany Mizakatena ».

**LISITRY NY VOKATRA AFAHANA AMIN'NY TVA SY TST**

<b>TARIFA LAHARANA</b>	<b>FILAZANA NY VOKATRA</b>
	IV Autres exonérations suivant l'article 06.01.06
	17° et 18° paragraphes du CGI .
12.09	Graines, fruits et spores à ensemencer et les produits similaires
01.05.11 K 90	Poussins d'un jour
04.07.00 B 10	Oeufs à couver.
05.11.10 B 00	Spermes de bovidés Alevins.
27.11.12.X.00	Gaz propane
31.01.00.X.00	Engrais d'origine animale ou végétale, même mélangés entre eux ou traités chimiquement ; engrais résultant du mélange ou du traitement chimique de produits d'origine animale ou végétale.
31.02	Engrais minéraux ou chimiques azotés
31.03	Engrais minéraux ou chimiques phosphatés
31.04	Engrais minéraux ou chimiques potassiques
31.05	Engrais minéraux ou chimiques contenant deux ou trois des éléments fertilisants : azote, phosphore et potassium, autres engrais
23.01	Produits impropre à l'alimentation humaine.
23.02	Sons, remoulages et autres résidus, même agglomérés sous forme de pellets, du criblage, de la moulure ou d'autres traitements des céréales ou des légumineuses.
23.04.00.B.00	Tourteaux
23.05.00.W.00	Tourteaux
23.06	Tourteaux
23.08.90.N.00	Provende
23.09.90.R.00	Concentré d'aliments
29.22.41.X.00	Lysine
29.30.40.H.00	Méthionine

38.08.10.R.90	Insecticides
38.08.20.I.00	Fungicides
38.08.30.X.00	Herbicides

Tovana

# **TABILAON'NY HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA**

**Ovàna toy izao ny tahan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana araka ny laharana sy zana-daharana ara-tarifa manaraka ireto:**

TARIFA LAHARANA	FILAZANA NY VOKATRA	Tsy hoe :	fa :
71 01 21 B 00	Perles de culture brutes	75	25
71 02	Diamants, industriels et non industriels bruts ou simplement sciés, clivés ou débrutés (7102 21W 00 ; 7102 29 B 00 ; 7102 31 R 00 ; 7102 39 W 00) : .	75	25
71 03 10	Pierres gemmes (précieuses ou fines) autres que les diamants, brutes ou simplement sciées ou dégrossies (rubis, saphirs, émeraudes, autres) :	75	25
71 03 99	Autres (cristal de roche, grenats de pivoterie, autres) : (71 03 99 F 10 ; 71 03 99F 20 ; 71 03 99F 30 ; 71 03 99F 40 ; 71 03 99F 91 ; 71 03 99F 92) .	75	25
71 06	Argent (y compris l'argent doré ou vermeil et l'argent platiné), sous formes brutes ou mi-ouvrées, en poudre. : (7106 10 N 00 ; 7106 91 B 00 ; 7106 92 B 00) .	75	25
71 08	Or (y compris l'or platiné) sous formes brutes ou mi-ouvrées, en poudre. -A usage non monétaire : (71 08 11 L 00 ; 71 08 12 H 00 ; 71 08 13 X 00 ; 71 08 20 H 00) .	75	25
71 10	Platine, sous formes brutes ou mi- ouvrées, ou en poudre : (71 10 11 B 00 ; 71 10 19 X 00) . . . . .	75	25

## **HETRAM-BONDROM-BAHOAKA**

### **LOHATENY I HABA AMIN'NY ASA AMAN-DRAHARAHA**

Ny tabilao "B" atovana amin'ity Lohateny ity dia ovàna sy ampiana toy izao manaraka izao :

#### **TABILAO "B"**

	<b>N° d'ordre</b>	<b>PROFESSIONS, INDUSTRIES, METIERS COMMERCES, PRESTATIONS DE SERVICE</b>	<b>NATURE</b>	<b>CLASSE</b>	<b>Catégorie de Population</b>	<b>Droiture</b>	<b>N° d'ordre des activités cumulables</b>
Foronina	262	"Attraction (entrepreneur de parc d') utilisant :					
		• plus de 5 appareils	PS	1ère	1ère	"	"
		• 3 à 5 appareils	PS	2ème	1ère	"	"
		• 1 ou 2 appareils".	PS	3ème	"	"	"
Foronina	530	"Bois d'oeuvre ou en grumes (marchand de) :					
		• Exportateur".	C	1ère	1ère	"	"
Foronina	955	"Centre de formation professionnelle (exploitant d'un) dispensant :					
		• plus de 3 disciplines	PS	3ème	"	"	"
		• 3 disciplines au plus".	PS	4ème	"	"	"
Foronina ny "f"	1341	"f) Collecte portant sur des produits miniers :					
		• or et pierres précieuses	C	1ère	1ère	DE	"
		• pierres industrielles".	C	2ème	"	"	"
Foronina	1692	Designer (dessinateur, stylician, concepteur, créateur d'objets d'environnement, d'oeuvres graphiques).					
		• occupant plus de 5 salariés	PL	2ème	"	"	151, 211, 731, 1445
		• occupant 2 à 5 salariés	PL	3ème	"	"	1531, 1541, 1551, 1611
		• occupant 1 salarié au plus	PL	5ème	"	"	1691, 2141, 3341, 3931,
		• sans salarié	PL	6ème	"	"	3941, 4182
Ampidirina	1825	"Ecole d'enseignement général et technique (Exploitant non directeur)".	PS	4ème	"	"	"
Foronina	2015	"Evénements (organisateur de foires, salons, expositions...) :					
		• plus de 2 fois par an	C	4ème	"	DE	"
		• 2 fois par an au plus".	C	5ème	"	DE	"
Foronina	2455	"Guide touristique					
		• travaillant seul".	PS	7ème	"	"	"
Foronina	2457	"Guide touristique (entreprise de) (voir n° 3845)					
Ovàna ny hoe "exploit un office d' " ho :	2621	"exploitant un office d".	"	"	"	"	"

Foronina ny "droit entier"	2675	"sur biens immeubles (y compris bateaux et aéronefs)".	PS	1ère	1ère	DE
Ovàna ny hoe : "exploitant de" ho :	2782	"marchand de"				
Foronina	2935	"Marketing, Consulting (Agence en) (voir n°151)"				
Ampiana ny « n° 3931 » :	3931	"Publicité (entrepreneur de) par panneaux, réclames, affiches, enseignes lumineuses, insertion dans un journal : • occupant plus de 5 salariés • occupant 3 à 5 salariés • occupant 2 salariés au plus • sans salarié"				
		PS	2ème	"	"	"
		PS	3ème	"	"	"
		PS	4ème	"	"	"
		PS	5ème	"	"	"
Ampiana ny "n° 3941"	3941	"Publicité, renseignements ou communication (Agent de)".	C	5ème	"	"
Foronina	4055	"Représentant, délégué médical (voir n° 3845)"				
Ovàna ny hoe "voir exploitant de Machines à cartes Perforées" ho :		"Voir exploitant de machines à cartes perforées"		"	"	"
Ovàna ny hoe "Tabacs (marchand grossiste agréé de)" "ho :	4341	"Tabacs (marchand grossiste agréé de)"	C	4ème	"	"
Foronina	4418	"Ventes et distributions appareils téléphoniques mobiles ou fixes, et accessoires".	C	1ère	1ère	"
Foronina	4495	"Tour opérateur"	PS	4ème	"	DE
Ovàna ny hoe "... De 15 à 30 tonnes exclus * inférieur à 1 tonne" ho:	4551	"...de 15 à 30 tonnes exclues *inférieure à une tonne	PS	3ème	"	"
		PS	6ème	"	"	"

## ANDININY FAHAROA FADINTSERANANA

### I. Ovàna sy ampiana toy izao manaraka izao ny Fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana.

a) - Ny andian-teny « Comité d'expertise douanière » dia soloina hoe « Comité de conciliation et de recours en matière douanière », amin'izay toerana na faritra rehetra ahitana azy ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana.

#### b)- Miova toy izay ny rijan-tenin'ny andininy faha-32 :

Tsy hoe :

Andininy faha 32 : 1° Ny fari-piadin'ny Fadintseranana dia mitsinjara ho faritra an-dranomasina sy faritra an-tanety ;

2° Ny faritra an-dranomasina dia voafaritry ny moro-dranomasina sy ny fari-dranomasina malagasy

3° Ny faritra an-tanety dia mivelatra :

- Eo anelanelan'ny moron-dranomasina sy ny tsipika iray any amin'ny 20 KM miala ny sisin-dranomasina, ary raha misy izay miala sisin'ny Ony, renirano ary lakan-drano mikambana amin'ny ranomasina ka hatramin'ny birao faran'ny Fadintseranana any ambony any ary koa manodidina ny 20 KM miala amin'izany Birao izany ny fizaran-tany
- 20 kilaometatra manodidina ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena sy ifandraisana amin'ireo nosy manodidina tsy misy biraon'ny Fadint-tseranana.

Fa vakio hoe :

Andininy faha 32 : 1° Ny fari-piadian'ny fadintseranana dia mitsinjara ho faritra an-dranomasina sy faritra an-tanety ;

2° Ny faritra an-dranomasina dia anelanelan'ny morontsiraka sy ny fetran'ny fari-dranomasina manokana malagasy;

3° Ny faritra an-tanety dia mivelatra :

- eo anelanelan'ny morontsiraka sy ny tsipika iray miala 60 km amin'ny sisin-dranomasina
- 60 km manodidina ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena sy ifandraisana amin'ireo nosy manodidina tsy misy biraon'ny Fadintseranana.

**c)- Miova toy izao manaraka izao ny firafitry ny rijan-tenin'ny andalana 2° ao amin'ny andininy faha 41 :**

Tsy hoe :

« And\_faha 41 : Mba ho fampiharana ireo fepetra ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny fadintseranana ary mba ho fitilina ny hosoka, ny mpiasan'ny fadintseranana dia mahazo manao fisavana ny entana ,ny fitaovam-pitanterana, ary ny olona, na ao amin'ny birao na ao amin'ny fari-piadidian'ny fadintseranana na amin'ny toerana rehetra ao amin'ny Firenena . Koa amin'izany afaka mitaky ny antontan-taratasy manamarina ny fihavian'ny entana voatana na nentina ny mpiasan'ny fadintseranana. »

Ny tsy fampisehoana ny antontan-taratasy amin'ny fitakiana voalohany ary ho fampiharana ny lalàna manan-kery ao amin'ny fari-piadidian'ny Fadintseranana sy ny entana voatondro ao amin'ny andininy 173 ao amin'ny lalàna mifehy ny fadintseranana ary ialana amin'ny fanodinkodinana ireo entana ireo, ny mpiasan'ny fadintseranana dia mahazo manisy peta-piraka na bandy voaisy tombo-kase na amin'ny fomba hafa rehetra mba hanaovana andrimaso azy ireo. »

Fa vakio hoe :

« And\_faha 41 : Ankoatran'ireo fepetra mikasika ny fari-piadidian'ny fadintseranana ary koa ireo momba ny entam-barotra voalazan'ny andininy faha-173-n'ny Fehezan-dalàna mifehy ny Fadintseranana , rehefa tsy mampiseho ireo antontan-taratasy amin'ny fitakiana voalohany, dia azon'ny mpiasan'ny Fadintseranana atao, mba hialàna amin'ny fanodinkodinana ireo entam-barotra ireo : ny mamindra azy ireo eo ambany fiandraketan'ny tompon'entana any amin'ny biraon'ny Fadintseranana akaiky indrindra, na raha tsy izany, ny manisy peta-piraka na eo amin'ny kaontenera, na eo amin'ny varavarana'ny toerana rehetra izay nametrahana azy ireo.

**d)- Miova toy izao manaraka izao ny firafitry ny rijan-tenin'ny andininy faha 68 :**

Tsy hoe :

And\_faha 68 : Ny entana miditra na mivoaka dia tsy maintsy hanaovana filazana an-tsipiriany izay hataon'ny tompon'entana, na olona hafa na antokon-draharaha nahazo alàlana hanao izany araka ny fepetra voatondron'ny andininy faha-69 ka hatramin'ny faha-76, ao amin'ity fehezan-dalàna ity.

Fa vakio hoe :

And\_faha 68 : Ny entana miditra na mivoaka, afa tsy ny entana mikasika ny fifindramonina, dia tsy maintsy hanaovana filazana an-tsipiriany izay hataon'ny olona na antokon-draharaha nahazo alalana hanao izany araka ny fepetra voatondron'ny andininy faha 69 ka hatramin'ny faha 76, ao amin'ity Fehezan-dalàna ity.

**e)- Foana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-70.**

f)- **Foana ny fepetra voalazan'ny andàlana faha-2 ao amin'ny andininy faha-76.**

g)- **Miova toy izao manaraka izao ny firafitry ny rijan-teny ao amin'ny andàlana faha-2-n'ny andininy faha-106 :**

Tsy hoe :

2° Mendrika handoa haba sy hetra manan-kery amin'ny vaninandro nahitana fototra ny tsy fahampiana ireo entana tsy naseho, ary voatery handoa ny vidin'ireo entana ireo mba fanagiazana ny Tompon'andraikitra voalohany sy ny Mpiantoka.

Fa vakio hoe :

2° ny habetsahan'ny entana tsy naseho dia handoavana haba sy hetra manan-kery amin'ny vaninandro hanoratana ny filazana ary ny sazy hihatra raha misy izany dia voafetra araka izany haba sy hetra izany koa. Raha toa voarara ny entana, voatery handoa ny vidin'entana ny tompon'andraikitra voalohany sy ny mpiantoka.

h)- **Miova toy izao manaraka izao ny firafitry ny rijan-teny ao amin'ny andàlana voalohan'ny andininy faha-146 :**

Tsy hoe :

1° Ekena araka ny fepetra voalazan'ity toko ity amin'ny alalan'ny didim-pitondrana navoakan'ny Ministra Mpiahys ny Faditseranana aorian'ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Taozavabaventy na nahazo ny fanekena Fampidirana Miserana mandritra ny fotoana voafetra tsy handoavana haba manontolo na ampahany amin'ny entana nafarana mba haondrana rehefa avy eo, ka voatokana :

Fa vakio hoe :

1° Ekena araka ny fepetra voalazan'ity toko ity amin'ny Didim-pitondrana navoakan'ny Ministra Mpiahys ny Fadintseranana araka ny tolo-kevitry ny Ministry ny Taozavabaventy na nahazo ny fanekena fampidirana miserana mandritra ny fotoana voafetra hampihantonana manontolo na ampahany ny fandoavana haba sy hetra ary koa ny fepetra momba ny fandraranà amin'ny entana nafarana mba haverina haondrana, ka voatokana :

ij)- **Atsofoka ny lohateny vaovao faha-VII.bis toy izao manaraka izao :**

**“ FEPETRA AMPIHARINA AMIN'NY SATA TSY MANDOA HETRA SY AMIN'NY SATA AHAZOANA TOMBONTSOA MANOKANA ”.**

k)- **Ampiana andininy faha 169 bis :**

And. faha 169 bis: Voarara, raha tsy nahazahoan-dalàna mialoha avy amin'ny Sampandrarahan'ny Fadintseranana, ny fanomezana na fivarotana kojakoja, fitaovana ary entana tafiditra ao amin'ny sata tsy mandoa hetra na ahazoana tombontsoa manokana ka mbola tsy nandoavana hetra sy haba taorian'ny fe-potoana voafetra.

l)- **Miova toy izao manaraka izao ny firafitry ny rijan-teny ao amin'ny andàlana voalohan'ny andininy faha-221 :**

**Tsy hoe :**

1° Ny fahalaniam-paik'andro ahazoana manenjika voalazan'ny andininy faha 217, 218 , 219, 220 etsy ambony dia foana ary mivadika telopolo taona raha toa misy fanerena nohamarinin'ny fitsarana, fitoriana na fangatahana natao teo anatrehan'ny fitsarana, sazy, fampantanenana, fifanarahana na andraikitra manokana sy miavaka tsy azo ialàna momba ny toe-javatra miverimberina, alohan'ny fe-potoana voatondro.

**Fa vakio hoe :**

1° Ny fahalaniam-paik'andro ahazoana manenjika voalazan'ny andininy faha 218, 219, 220 etsy ambony dia foana ary mivadika telopolo taona raha toa misy alohan'ny fe-potoana voatondro , fanerena, hetsika na fangatahana atao eo anatrehan'ny Fitsarana (fitoriana eo amin'ny fampanoavana, fitoriana miaro fangatahan'onitra) sazy, fampantanenana, fifanarahana (fangatahana fanekena ny fifolanana, fahavononana hifampiraharaha na koa taratasy ara-panjakana mahasolo izany) na andraikitra manokana sy miavaka tsy azo ialàna momba ny toe-javatra miverimberina.

**m)- Miova toy izao manaraka izao ny firafitry ny rijan-teny ao amin'ny andàlana voalohany sy faharoa ao amin'ny andininy faha-223 :**

**Tsy hoe :**

And. faha 223 : 1° Ny Fitsarana mahefa ara-paritra dia izay mitoetra eo amin'ny faritry ny renivohim-paritany na ny toerana akaikin'ny nanatanterahana ny heloka..

2° Raha heloka maro nivohitra avy amin'ny fandikan-dàlana tokana notanterahina tamin'ny toerana maro, ny Fitsarana mahefa dia izay mitoetra eo amin'ny faritry ny renivohi-paritany nanatanterahina ny fandikan-dàlana voalohany.

**Fa vakio hoe :**

And. faha 223 : 1° Ny Fitsarana mahefa dia izay fitsarana mitoetra eo amin'ny toerana misy ny biraon'ny Fadintserana akaiky indrindra ny toerana nanatanterahana ny heloka.

2° Raha heloka maro nivohitra avy amin'ny fandikan-dàlana iray notanterahana tamin'ny toerana maro, ny Fitsarana mahefa dia ny Fitsarana mitoetra eo amin'ny toerana misy ny biraon'ny Fadintseranana akaiky indrindra ny toerana nanaovana ny fitanana an-tsoratra.

**n)- Miova toy izao manaraka izao ny firafitry ny rijan-teny ao amin'ny andàlana voalohany ao amin'ny andininy faha 239 :**

**Tsy hoe :**

And. faha 239 : 1° Valo andro aorian'ny daty nandefasana ny taratasy tsy very mandeha azo ampiharina mba ho antoky ny fanefana ny haba sy ny hetra nidifiana na nodisoina sy lamandy no ferana na notononina na ny iray farafahakeliny amin'ireto fepetra sy famaizana ara-panjakana manaraka ireto, na inona na inona fomba nentina nandravonàna ny fandikan-dalàn'ny Fadintseranana voaray an-tsoratra :

- a) Fampikatsoana ny fandrahahana fampidiran'entana ;
- b) Fisintonana vonjimaika na raikitra avy amin'ny fanapahankevitry ny Minisitra miahys ny Fadintseranana rehefa mety ho fahazoan-dàlana ;
- c) Fanakatonana mandritra ny fotoana voafetra tsy mihoatra ny telo volana ireo tranombarotra, orinasa, toeram-piasana, magazay, trano fitobian'entan'ny mpanao fahadisoana.

Koa amin'izany, dia azon'ny Fitondrandrahaharan'ny Fadintseranana atao ny manao peta-piraka, na, raha tsy mety izany, dia mamekafa fehy voatomba-kase na mampiasa izay fomba hafa rehetra manamarika fanakatonana. Rehefa avy nampandrenesin'ny ambaratongam-pitondrana mahefa any amin'ny faritra iasana na ny solontenam-parity ny Fitondrana, dia tononina io sazy io araka ny fanapahan-kevitry ny Minisitra miahys ny Fadintseranana izay afaka manome fahefana :

- ny Lehiben'ny Sampandrahahara misahana ny Fifandirana sy ny Ady amin'ny hosoka, raha toa ka tsy mihoatra ny iray volana ny faharetan'ny fanakatonana ;
- ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana raha mihoatra ny iray volana.

Raha dila ny fepotoana telo volana, dia azon'ny Sampandrahaharan'ny Fadintseranana atao ny mandray fanapahan-kevitra mikasika ny hoavin'ireo entana misy olana araka ny fepetra voalazan'ny fehezan-dalàn'ny Fadintseranana.

Tsy azo atao velively ny manondrana ireo entana ireo izay antoky ny haba sy hetra ary ny lamandy.

Tsy maintsy efain'ny voasazy amin'ireo olona ampiaisainy ny karaman'izy ireo, ny tambi-karama, ny fanampin - karamany sy ireo tombontsoa rehetra ananan'izy ireo zo hatramin'izay, mandritra ny fotoana ampiharina ny sazy.

*Fa vakio hoe :*

And. faha 239 : 1° Na inona na inona ny endriky ny fandaminana ny fandikan-dalàna mikasika ny Fadintseranana dia azo ampiharina mba ho antoky ny fanefana ny haba sy ny hetra nidifiana na nodisoina sy ny lamandy noferana na notapahina na ny iray farafahakeliny amin'ireto fepetra manaraka ireto :

- a) fampikatsoana ny fandrahahana fampidiran'entana ;
- b) fisintonana vonjimaika na raikitra rehefa mety ho fahazoan-dàlana na inona na inona fanapahankevitry ny Minisitra miahys ny Fadintseranana;
- c) fanakatonana mandritra ny fotoana voafetra tsy mihoatra ny telo volana ireo tranombarotra, orinasa, toeram-piasana, magazay, trano fitobian'entan'ny mpanao fadisoana.

Koa amin'izany, dia azon'ny Fitondrandrahaharan'ny Fadintseranana atao ny manao peta-piraka, na, mampiasa izay fomba hafa rehetra fanakatonana.

Izany fepetra izany rehefa avy nampandrenesin'ny ambaratongam-pitondrana mahefa any amin'ny faritra iasana na ny solontenam-parity ny Fitondrana, dia raisina araka ny fanapahan-kevitry ny Minisitra miahys ny Fadintseranana izay afaka manome fahefana :

- ny Lehiben'ny Sampandrahahara misahana ny Fifandirana sy ny Ady amin'ny Hosoka, raha toa ka tsy mihoatra ny iray volana ny faharetan'ny fanakatonana ;
- ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana raha mihoatra ny iray volana.

Raha dila ny fe-potoana telo volana, dia azon'ny Sampandrahaharan'ny Fadintseranana atao ny mandray fanapahan-kevitra mikasika ny hoavin'ireo entana misy olana araka ny fepetra voalazan'ny Fehezan-dalàn'ny Fadintseranana.

Tsy azo atao velively ny manondrana ireo entana ireo izay antoky ny haba sy hetra ary ny lamandy.

Tsy maintsy efain'ny voasazy amin'ireo olona ampiasainy ny karaman'izy ireo, ny tambi - karama, ny fanampin - karama sy ireo tombontsoa rehetra ananan'izy ireo zo hatramin'izay, mandritra ny fotoana ampiharina ny sazy.

**o)- Ampiana andalàna faha-3 vaovao ny andininy faha-284, izay mirafitra toy izao :**

“3° Ny fandikàna ny fepetra rehetra voalazan'ny andininy faha 169-bis.”

**p)- Miova toy izao manaraka izao ny firafitry ny andininy faha-295 :**

Tsy hoe :

And. faha 295 : Raha toa ka tsy voatana ireo entana tokony nogiazana na voatana ka manao fangatahana ho amin'izany ny Fitondrahan-draharahan'ny Fadintseranana, ny Tribonaly no manonona ny fanamelohana handoa vola mitovy amin'ny sandan'ireo entana voalaza mba ho solom-panagiazana ary voakajy araka ny vidiny eo amin'ny tsena anatiny tamin'ny fotoana nahatratrarana ny hosoka.

Fa vakio hoe :

And. faha 295 : Raha toa ka tsy voatana ireo entana tokony nogiazana na voatana ka manao fangatahana ho amin'izany ny Fitondrahan-draharahan'ny Fadintseranana, ny Tribonaly no manonona ny fanamelohana handoa vola mitovy amin'ny sandan'ireo entana voalaza mba ho solom-panagiazana ary voakajy araka ny vidin'ny entana tafavoaka ny fadintseranana na araka ny vidiny voatahiry ao amin'ny antotanisa tamin'ny fotoana nahatratrarana ny hosoka.

**II. Ny Tarifan'ny fadintseranana narafitra araka ny « Système Harmonisé, version 2002 », mitovana amin'ity Lalàna ity, dia manolo sy manova manontolo ny Tarifa teo aloha izay narafitra avy amin'ny « Système Harmonisé - version 1996 ».**

**II. FIFANDANJANA ANKAPOBEN'NY LALANA LAHARANA FAHA-2001-029  
MIFEHY NY FITANTANAM-BOLA  
AMIN'NY TAONA 2002**

**Andininy faha-3**

Ny vokatra sy ny vola miditra azo ampiharina amin'ny Tetibola amin'ny taona 2002 dia vinavinaina ho 6.026.300.000.000 iraimbilanja malagasy araka ny tabilao atovana amin'ity Lalàna ity.

**Andininy faha-4**

Ny farafahabetsaky ny sorabola anomezan-dàlana, ho an'ny zanabola amin'ny trosa ivelany, ny Andrim-panjakana, ny ho enti-manana ireo Minisitera, ny fandaniana hafa voafaritra, ny fanomezana ho an'ny Kaominina ary ny fandaniana ho amin'hy famokarana (Tahirim-pirenena ho an'ny fampandrosoana sy ny fampitaovana anatiny sy ivelany, fanomezana avy any ivelany, vidin'entana fanomezana avy any ivelany ) ao amin'ny Tetibola Ankapobe amin'ny taona 2002 dia mitetina 7.342.510.000.000 iraimbilanja malagasy.

**Andininy faha-5**

Ao anatin'io fetra faratampony io, dia sokafana amin'ny taona 2002 ny sorabola izay ampiharina :

- hatramin'ny 594.180.000.000 iraimbilanja malagasy ho an'ny zana-bolan'ny trosa ivelany,
- hatramin'ny 673.621.065.000 iraimbilanja malagasy ho an'ireo Andrim-panjakana ;

Arivo Iraimbilanja

ANDRIM-PANJAKANA	TETIBOLA 2001	TETIBOLA NAVERINA	FANDANIANA VAOVAO	TETIBOLA 2002
FIADIDIANA NY REPOUBLIKA	50 681 393	41 006 872	13 566 904	54 573 776
ANTENIMIERAN-DOHOLONA	21 100 000	21 100 000	15 095 075	36 195 075
ANTENIMIERAM-PIRENENA	42 126 056	46 868 000	2 761 428	49 629 428
FITSARANA AVO MOMBAN'NY LALAM-PANORENANA	2 763 515	2 562 000	571 000	3 133 000
GOVERNEMANTA	522 417 837	273 783 478	256 306 308	530 089 786
<b>FITAMBARANY</b>	<b>639.088.801</b>	<b>385.320.350</b>	<b>288.300.715</b>	<b>673.621.065</b>

- hatramin'ny 6.074.708.935.000 iraimbilanja malagasy ho enti-manan'ireo Minisitera.

Arivo Iraimbilanja

MINISTERA	TETIBOLA 2001	TETIBOLA NAVERINA	FANDANIANA VAOVAO	TETIBOLA 2002
Min Raharaha-bahiny	138 359 348	136 852 348	-6 176 087	130 676 261

Min Foloalindahy	163 688 298	154 278 972	38 626 815	192 905 787
SE Zandarmaria	95 194 716	89 792 691	28 880 309	118 673 000
Min Atitany	37 327 472	30 797 551	4 969 388	35 766 939
SE Filaminam-bahoaka	68 660 919	66 236 452	11 797 548	78 034 000
Min Fitsarana	74 275 470	58 600 412	17 472 088	76 072 500

ANDRIM-PANJAKANA	TETIBOLA 2001	TETIBOLA NAVERINA	FANDANIANA VAOVAO	TETIBOLA 2002
Min Fitantanam-bola	459 357 120	323 590 011	145 586 512	469 176 523
Min Teti-bola	741 903 850	350 266 192	380 657 037	730 923 229
Min Fampan. tsy miankina	386 405 862	41 729 376	310 810 716	352 540 092
Min Varotra	18 784 944	12 920 380	14 063 280	26 983 660
Min Asam-panjakana	12 398 984	8 875 484	5 616 516	14 492 000
Min Indostria	12 945 854	7 626 916	11 487 084	19 114 000
Min Fizahan-tany	7 836 957	7 933 664	2 073 336	10 007 000
Min Fambolena	233 130 424	170 675 043	120 647 514	291 322 557
Min Fiompiana	56 724 319	54 216 368	15 941 223	70 157 591
Min Fanjonoana	22 978 592	25 198 272	20 354 908	45 553 180
Min Tontolo lainana	149 468 468	208 347 237	5 163 148	213 510 385
Min Rano sy ny Ala	24 603 190	16 906 824	5 545 176	22 452 000
Min Har. an-kibon'ny tany	156 667 854	137 906 318	18 541 814	156 448 132
Min Asa Vaventy	811 297 584	438 852 170	510 292 842	949 145 012
Min Fanajariana ny Tany	203 400 135	167 256 816	14 309 026	181 565 842
Min Fitaterana	101 300 002	57 609 141	15 646 056	73 255 197
Min Paositra	6 351 636	1 335 636	-459 836	875 800
Min Fahasalamana	509 402 130	497 666 562	66 700 599	564 367 161
Min Mponina	37 647 579	26 848 289	5 635 480	32 483 769
Min Tanora	28 976 867	27 546 870	3 226 592	30 773 462
Min Famp. Amb. Faharoa	768 762 782	754 893 080	158 896 877	913 789 957
Min Fampianarana Teknika	56 427 593	50 549 872	7 587 128	58 137 000
Min Famp. Ambony	109 126 333	104 341 138	29 255 580	133 596 718
Min Fikarohana	36 071 096	29 403 434	15 369 082	44 772 516
Min Filazam-baovao	31 632 821	33 149 821	3 987 844	37 137 665
<b>FITAMBARANY</b>	<b>5.561.109.199</b>	<b>4.092.203.340</b>	<b>1.982.505.595</b>	<b>6.074.708.935</b>

### Andininy faha-6

Araka tabilao atovana amin'ity Lalàna ity, dia ekena ny fanoratana ny soritr'asa nomen-dàlana ao amin'ny Tetibola Ankapobe 2002 izay mitetina 12.488.586.203.000 iraimbilanja malagasy ho fandaniana amin'ny famokarana (Tahirim-pirenena ho an'ny Fampandrosoana sy ny Fampitaovana anatiny sy ivelany, Fanomezana avy any ivelany, vidin' entana fanomezana avy any ivelany).

### Andininy faha-7

Ny fetra faratampon'ny sorabola azo aloa araka ny tabilao atovana amin'ity Lalàna ity dia mitetina 3.669.800.000.000 iraimbilanja malagasy ao amin'ny Tetibola Ankapobe 2002 mba ho fandaniana amin'ny famokarana (Tahirim-pirenena ho an'ny Fampandrosoana sy ny Fampitaovana anatiny sy ivelany, Fanomezana avy any ivelany, vidin' entana fanomezana avy any ivelany).

### **Andininy faha-8**

Ny vokatra azo raisina sy ny fidiram-bola azo ampiharina amin'ny Tetibola Anankina amin'ny taona 2002 dia novinavinaina ho toy izao :

	<b>Iraimbilanja</b>
- Paositra sy Fifandraisan-davitra	7.441.000.000
- Trnom-pirintim-pirenena	18.835.000.000
- Tobim-piarakodiam-panjakana	3.069.000.000
- Toby sy toeram-panamboarana ny fitaovan'ny Asa vaventy	12.134.622.000
- Seranana	4.097.500.000

Ny antsipirany dia hatovana amin'ity Lalàna ity.

### **Andininy faha-9**

Ny fara-fahabetsahan'ny fandaniana ho fampandehanana ny Tetibola Anankina amin'ny taona 2002 dia noferana toy izao :

	<b>Iraimbilanja</b>
- Paositra sy Fifandraisan-davitra	7.396.000.000
- Trnom-piritim-pirenena	13.835.000.000
- Tobim-piarakodiam-panjakana	2.748.500.000
- Toby sy toeram-panamboarana ny fitaovan'ny Asa vaventy	11.234.622.000
- Seranana	2.678.000.000

### **Andininy faha-10**

Nosoratana ao amin'ny Tetibola Anankina amin'ny taona 2002 ny fanomezan-dàlana ireto fandaharanasa ireto :

	<b>Iraimbilanja</b>
- Paositra sy Fifandraisan-davitra	45.000.000
- Trnom-pirintim-pirenena	5.000.000.000
- Tobim-piarakodiam-panjakana	320.500.000
- Toby sy toeram-panamboarana ny fitaovan'ny Asa vaventy	900.000.000
- Seranana	1.419.500.000

### **Andininy faha-11**

Ny fara-fahabetsahan'ny sorabolam-panefana nosokafana ao amin'ny Tetibola Anankina amin'ny taona 2002 dia noferana toy izao:

	<b>Iraimbilanja</b>
- Paositra sy Fifandraisan-davitra	45.000.000
- Trnom-pirintim-pirenena	5.000.000.000
- Tobim-piarakodiam-panjakana	320.500.000
- Toby sy toeram-panamboarana ny fitaovan'ny Asa vaventy	900.000.000
- Seranana	1.419.500.000

### **Andininy faha-12**

Ny fampiasana ny Kaonty Manokan'ny Tahirim-bolam-Panjakana dia vinavinaina ho 393.795.946.000 iraimbilanja malagasy amin'ny vola miditra ary ho 529.365.946.000 iraimbilanja malagasy ho an'ny fandaniana araka ny tabilao atovana amin'ity Lalàna ity.

### **Andininy faha-13**

Ny Ministry ny Fitantanam-bola dia omen-dàlana amin'ny taona 2002 hanome vola mialoha, fampisamborana ary fandraisana anjara tsy mihoatra ny 114.700.000.000 iraimbilanja malagasy araka ny tabilao atovana amin'ity Lalàna ity.

### **Andininy faha-14**

Ny fetra fihoaran'ny famoaham-bola amin'ny fidiram-bola momba ny kaontim-barotra dia ferana ho 80.000.000.000 iraimbilanja malagasy ary tsinjaraina araka izao manaraka izao :

#### **Iraimbilanja**

- Tahiry ho Fitsinjovana ny Fisotroan-dronono.	20.000.000.000
- Tahiry Fisotroan-dronono Sivily sy Miaramila	60.000.000.000

### **Andininy faha-15**

Ny fampiasana ny vola vidin'entana fanomezana avy any ivelany sy izay mitovy lenta amin'izany amin'ny taona 2001 dia vinavinaina ho 44.500.000.000 iraimbilanja malagasy amin'ny fandaniana ary 118.500.000.000 iraimbilanja malagasy eo amin'ny vola miditra.

### **Andininy faha-16**

Ny vinavina ny fampiasana ny trosam-panjakana dia noferana toy izao manaraka izao:

#### **Iraimbilanja**

- <b>eo amin'ny vola miditra</b>	6.735.080.000.000
- <b>eo amin'ny fandaniana</b>	5.357.300.000.000

### **Andininy faha -17**

Ny fifandanana ankapoben' ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bola amin'ny taona 2002 ity dia ferana araka izao tabilao manaraka izao:

**II - FIFANDANJANA ANKAPOBEN'NY LALANA  
MIFEHY NY FITANTANAM-BOLA  
AMIN'NY TAONA 2002**

*Isan'Arivo  
Iraimbilanja*

**III FEPETRA MANOKANA**

**Andininy faha - 18**

Foana ary dia foanana ny fepetra voalazan'ny andininy faha - 23 ao amin'ny Lalàna faha - 2000-013 tamin'ny faha-24 aogositra 2000 mameatra ny Lalàna Fanitsiana ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana taona 2000, ary koa ny fepetra voalazan'ny andininy faha - 19 ao amin'ny Lalàna laharana faha 2000-024 tamin'ny faha-05 january 2001 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana taona 2001.

**Andininy faha - 19**

Ovàna toa izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha 20 ao amin'ny Fepetra manokana mikasika ny Lalàna laharana faha 2000-024 tamin'ny faha-05 january 2001 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2001:

" Ny fepetra voalazan'ny andininy faha 33 sy 34 amin'ny lalàna laharana faha 63-015 tamin'ny 15 jolay 1963 manoritra ny fepetra ankabobe momba ny Fitantanam-bolam-panjakana, izay novàn'ny Lalàna laharana faha 95-001 tamin'ny faha-21 jona 1995, dia miova araka ireto fepetra manaraka ireto :

**« And. faha-33 (vaovao) -**Ny volavolan-dalàna isan-taona mifehy ny fandaniam-bolam-panjakana dia manamarina ny totalin'ny vola tena tafiditra sy ny vola tena nivoaka nandritra ny taom-pitantanana iray. Amin'izany, dia izy ihany koa no mankato ny fandaniana mihoatra eo amin'ny sorabola vokatry ny toe-javatra tsy azo anoharana ».

Io Volavolan-dalàna io no mametraka ny kaontim-bokatra isan-taona izay ahitana :

1. ny fatiantoka na ny ambim-bava, vokatra afa-karatsaka tamin'ny fampiasana ny Tetibola Ankabobe sy ny Tetibola Anankina ;
2. ny tombony sy ny fatiantoka hita fototra teo amin'ny fampiasana ny Kaonty Manokan'ny Tahirim-bolam-panjakana amin'ny fampiharana ny andininy faha 17 ka hatramin'ny andininy faha 21 ;
3. ny endrim-piovàna sisa tavelan'ny Kaonty Manokan'ny Tahirim-bolam-

panjakana ;

4. ny endrim-piovàna sisa tavela ao amin'ny Kaontin'ny Tamberin'ny Vidin'entana fanomezana avy any ivelany (F.C.V.) ;
5. ny endrim-piovàna sisa tavela ao amin' ny kaontin'ny fisamboram-bola ;
6. ny tombony na ny fatiantoka izay mety ho hita fototra avy amin'ny fitantanana ny tahirim-bolam-panjakana izay voafaritry ny fepetra mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny ankapobeny.

Farany, ny volavolan-dalàna mifehy ny fandaniam-bolam-panjakana dia manome alàlana ny fampidirana ny voka-pitantanana amin'ny taona iray ao amin'ny Kaonty Maharitry ny Tahirim-bolam-panjakana.

**" And. faha-34 (vaovao) - Ampanarahina amin'ny volavolan-dalàna mifehy ny fandaniam-bolam-panjakana :**

1. ny tovana manome fanazavana indrindra ny niavian'ny fandaniana mihoatra amin'ny ny sora-bola sy ny antonanton'ny fatiantoka sy ny tombony ;
2. ny tatitry ny Fitsarana Tampony sy ny fanambarana ankapobeny momba ny fitovian'ny Kaonty tantanan'ny mpitam-bola tsirairay sy ny Kaontim-bolan'ny Ministéria.

Ny fepetra rehetra voalazan'ity andininy ity dia hampiharina amin'ny volavolan-dalàna mifehy ny fandaniam-bolam-panjakana tamin'ny taona 2000 sy ny manaraka".

### **Andininy faha - 20**

Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha - 4 amin'ny Lalàna laharana faha 95-001 tamin'ny faha-21 jona 1995 manova ny andininy faha-46 amin'ny Lalàna laharana faha 63-015 tamin'ny faha-15 jolay 1963 anaovana fepetra ankabobe momba ny fitantanam-bolam-panjakana, dia ekena ireto fanokafana sora-bola sy/na vola miditra notapahina araka ny :

- Didim-panjakana laharana faha 2001-667 tamin'ny faha-30 jolay 2001 mamorona sy manokatra soratra ara-tetibola vaovao anatin'ny tetibolam-panjakana ankapobeny 2001 momba ny fampiasana loharanom-bola avy amin'ny Hetsika ho an'ny Tany Mahantra vesaran'ny Trosa ;

- Didim-panjakana laharana faha 2001-754 tamin'ny faha-29 aogositra 2001, mamenno sy manova ny fepetra sasantsasany ao amin'ny tovana voalohan'ny didim-panjakana laharana faha 2001-667 tamin'ny faha-30 jolay 2001 voalaza eo aloha, mamorona sy manokatra soratra ara-tetibola vaovao anatin'ny tetibolam-panjakana ankabobe 2001, momba ny fampiasana loharanom-bola avy amin'ny Hetsika ho an'ny Tany Mahantra vesaran'ny Trosa ;

- Didim-panjakana laharana faha 2001-686 tamin'ny faha-30 jolay 2001, mikasika ny fanomezana vola fanampiny mitetina 100 lavitrisa iraimbilanja malagasy ao amin'ny soratra ara-tetibola : 4 - 00 -05 - 0 - 000 -1 antsoina hoe "Fanohanana eo amin'ny vidin'ny solika sasantsasany", anatin'ny Tetibolam-panjakana ankapobe taona 2001 ;

- Didim-panjakana laharana faha 2001-844 tamin'ny faha-24 septambra 2001, manova ny fatran'ny solika (essence tourisme, essence super et gasoil), voafetran'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana taona 2001.

Titra	Ministera sy Andrim-panjakana	Tetibola 2001	Arivo Iraimbilanja		
			Didim-panjakana momba ny vidin'ny solika	Didim-panjakana momba ny IPPTE	Tetibola raikitra 2001
01	Fiadidiana ny Repoblika	43 901 593	0	6 779 800	50 681 393
02	Antenimierandoholona	21 100 000	0	0	21 100 000
03	Antenimierampirenena	42 126 056	0	0	42 126 056
04	Fitsarana Avo momban'ny Lalàm-panorenana	2 763 515	0	0	2 763 515
05	Governemanta	384 972 927	100 000 000	37 444 910	522 417 837
11	Min Raharaha-bahiny	138 359 348	0	0	138 359 348
12	Min Foloalindahy	157 688 298	0	6 000 000	163 688 298
13	SE Zandarmaria	92 194 716	0	3 000 000	95 194 716
14	Min Atitany	30 827 472	0	6 500 000	37 327 472
15	SE Filaminam-bahoaka	66 660 919	0	2 000 000	68 660 919
16	Min Fitsarana	66 546 970	0	7 728 500	74 275 470
21	Min Fitantanam-bola	788 602 180	0	22 054 940	810 657 120
23	Min Teti-bola	729 812 150	0	12 091 700	741 903 850
25	Min Fampam. tsy miankina	385 405 862	0	1 000 000	386 405 862
26	Min Varotra	18 784 944	0	0	18 784 944
32	Min Asam-panjakana	12 398 984	0	0	12 398 984
34	Min Indostria	11 945 854	0	1 000 000	12 945 854
35	Min Fizahan-tany	7 836 957	0	0	7 836 957
41	Min Fambolena	229 855 394	0	3 275 030	233 130 424
42	Min Fiompiana	56 724 319	0	0	56 724 319
43	Min Fanjonoana	22 978 592	0	0	22 978 592
44	Min Tontolo Iainana	149 468 468	0	0	149 468 468
45	Min Rano sy ny Ala	24 603 190	0	0	24 603 190
51	Min Har. an-kibon'ny tany	146 917 854	0	9 750 000	156 667 854

<b>61</b>	Min Asa Vaventy	<b>739 647 584</b>	<b>0</b>	<b>71 650 000</b>	<b>811 297 584</b>
<b>62</b>	Min Fanajariana ny Tany	<b>203 400 135</b>	<b>0</b>	<b>3 200 000</b>	<b>206 600 135</b>

<b>63</b>	Min Fitaterana	<b>98 100 002</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>98 100 002</b>
<b>66</b>	Min Paositra	<b>6 351 636</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>6 351 636</b>
<b>71</b>	Min Fahasalamana	<b>451 527 010</b>	<b>0</b>	<b>57 875 120</b>	<b>509 402 130</b>
<b>76</b>	Min Mponina	<b>33 247 579</b>	<b>0</b>	<b>4 400 000</b>	<b>37 647 579</b>
<b>78</b>	Min Tanora	<b>27 976 867</b>	<b>0</b>	<b>1 000 000</b>	<b>28 976 867</b>
<b>81</b>	Min Famp. Amb. Faharoa	<b>700 512 782</b>	<b>0</b>	<b>68 250 000</b>	<b>768 762 782</b>
<b>83</b>	Min Fampianarana Teknika	<b>56 427 593</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>56 427 593</b>
<b>84</b>	Min Famp. Ambony	<b>109 126 333</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>109 126 333</b>
<b>85</b>	Min Fikarohana	<b>36 071 096</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>36 071 096</b>
<b>86</b>	Min Filazam-baovao	<b>31 632 821</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>31 632 821</b>
<b>FITAMBARANY</b>		<b>6 126 498 000</b>	<b>100 000 000</b>	<b>325 000 000</b>	<b>6 551 498 000</b>

### **Andininy faha - 21**

Nankatoavina ny didim-pitondrana famindrana sorabola ho fampandehanan-draharaha sy famokarana noraisina nandritra ny taom-pampiharana ny tetibola 2001, ho fanatanterahana ny andininy faha 46 ao amin'ny Lalàna laharana faha 63-015 tamin'ny faha-15 jolay 1963 anaovana fepetra ankapobe momba ny fitantanam-bolam-panjakana

### **Andininy faha -22**

Mba ho fanatontosana ireo tetikasa ho fampandrosoana dia homen-dàlana ny Governemanta hisambo-bola, eo amin'ny loharanom-pamatsiana eto an-toerana sy avy any ivelany, hatramin'ny 2.500.000.000.000 iraimbilanja malagasy.

**Andininy faha -23**

Ankatoavina ny Fandaharanasam-pamokaram-panjakana mandritra ny fe-potoana 2002-2004 (ampahany 2002) atovana amin'ity Lalàna ity.

**Andininy faha-24**

Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao.

Ho tanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

**Antananarivo, faha 06 desambra 2001.**

**NY FILOHAN'NY  
ANTENIMIERANDOHOLONA,**

**NY FILOHAN'NY  
ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**RAKOTOMANANA Honoré**

**ANDRIANARISOA Ange C. F.**